FARATSIHO 4

# VEHIVAVY NIBORIDANA HITA FATY TAO ANATY RANO


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7551 Taona faha-25 Vidiny: 500 Ariary Gazety mivoaka isan'andro Sabotsy 22 aprily 2023


KOMITY MITANDRO NY FAHITSIANA 10

## "TSY MISY VOASAZY MIHITSY IREO TRONDRO




## VAVENTY NOHO NY FOMBA FIASAN'NY DEPIOTE"

MARINA IZANY ! 11

MAHABE RESAKA !

GAZETIKO 25 TAONA 3

FIFANINANANA TONONKALO

IREO NAHAZO LOKA

Tsaroako ilay...

JAMES (ANAY) 2



"NIVADIKA NY BORETY DIA NARATRA BE NY LOHA"

MARC RAVALOMANANA 10

MITETY FOKONTANY MANARA-MASO NY LISITRY NY MPIFIDY

BASKET - MONDIAL U19 7



MBOLA HANAO LALAO FITSAPANA 3 ANY FRANTSA NY ANKOAY







**HOTSAKOTSAKOINA**

"Tsy tiako mainty, ankahalaiko.
Andramo ny mamadika an'izany ho fitiavana. Tsy vitanao ny hamefy tena tsy hizara ny fitiavanao, fa efa ra mikoriana ao anatinao ao."
Ny Vetso
(22. 08. 15)
("Hatred does not cease by hatred, but only by love, this is the eternal rule." BUDDHA)

Tarika Ny Ainga

## "Vaky sehatra 2023" ao Antsahamanitra



Vazo tsotra, revy milay, Ny Ainga lesy izay !

Hanolotra fampisehoana iray goavana be ao Antsahamanitra ny tarika Ny ainga amin'ny alahady 30 aprily izao. « Vaky sehatra 2023 » no lohateny nentin'izy ireo nitondràna ity fampisehoana ity. Vao sambany tokoa mantsy izao izy ireo no hanao fampisehoana goavana tahaka izao eto Antananarivo, fa hatramin'izay dia tany amin'ny faritra foana. Araka ny fanazavana azo moa dia entina manampy ny « Association Malaza ny gasy » amin'ny resaka fanabeazana an'ireo ankizy any Atsimo ny vola ho azo amin'ity fampisehoana ity. Maro amin'ireo ankizy mantsy no mianatra amin'ny sekoly tsy zarizary, na izany tsy misy rindrina, na tsy ampy fitaovana. Manatanteraka hatrany ilay teny filamatr'izy ireo hoe « tsy kanto ny talenta raha tsy anasoavana olombelona » ihany koa moa izy ireo amin'izao asa soa izao ka dia manentana ny rehetra mihitsy mba hiara-mientana amin'izany koa, fa sady mba hiaraka hiala voly amin'ny tarika. Tsara ihany koa ny manamarika fa manana hira vaovao maromaro amin'izao ny tarika ary dia hovazoin'izy ireo amin'ity fampisehoana ity avokoa izany. Tsy hohadinoina koa anefa ireo hira efa nahafantaran'ny maro azy ireo hatramin'izay. Araka izany dia miantoka revy milay ho an'ny rehetra hatrany ilay tarika. Hataon'izy ireo tsy ho ambakan'ireo fampisehoana nataony tany amin'ny faritra ity fampisehoana eto amintsika ity fa dia hahafinaritra ny fiarahana.

Tanya.R

Psycho Ladies

## Hiaka-tsehatra etsy amin'ny lounge bar Analakely

Hifamotoana amin'ireo mpankafy azy etsy amin'ny lounge bar Analakely ny tarika Psycho ladies, ny 30 aprily izao. Amin'ny roa ora tolakandro ny fotoana no hanomboka ny fotoana amin'izany. Tarika iray mivoy ny gadona rock sy ny metaly moa ity tarika ity, izay ahitana andriambavilanitra roa samy manana ny maha izy azy avy, dia i Di Anna sy Jennyfer izany. Samy manana ny tarika misy azy avy izy roa vavy ireto fa nikambana ho iray ka nanome an'ity tarika iray ity. I Di-Anna, mpitarika ny tarika Dee-A ary i Jennyfer kosa avy ao amin'ny Seth band vocal. Nanana foto-kevitra mitovy izy roa ireto ka izy no nampitambatra azy. Anisan'izany ohatra ny hamerenana hihira indray ireo mozika, izay nanamarika azy ireo nandritra izay fotoana naha mpanakanto azy ireo izay. Fa ankoatra izay dia efa faniria-n'izy roa vavy ireto koa ny hoe mba hiseho amin'ny afisy iray izany, ny hiray sehatra, ny hiaraka hizara mozika ka dia izao notanterahin'izy ireo izao mihitsy izany. Nanasa namana iray avy any Antsirabe ihany koa izy ireo amin'ity hetsika ity, dia i Sayah, izay avy ao amin'ny tarika Heavy metal. Araka izany, telo vavy mpilalao rock be mihitsy no hampihovitrovitra ny sehatra amin'io fotoana io ary dia revy hafa mihitsy no ho hitantsika ao amin'izany.

Tanya.R

# Tsaroako ilay...

James (Anay)

## Navadiky ny borety dia naratra be ny lohany

*James Razanakoto. Izay no anarana ahalalan'ny mpanaraka filma amin'ny Canal Plus, ao anatin'ilay tantara "Anay" an'i Benjamin Tovonirina Ranohatrarison. Mpiangaly taovolo indrindra ho an'ny andriambavilanitra no tena antom-pivelomany. Fa ankoatra izay, manentana lanonana sy manao ireo karazan'asa momba ny sary ihany koa izy (fanasana, afisy , ...). "Ambiansy fa tsy ambulance" no teny filamatra hahalalan'ny maro azy. Anio kosa, hitantara ny fahatsiarovany hatramin'ny fahazazany i James :*

**Voasazy namafa kaboné**

Teny Ambohimirary no tany nahalehibe an'i James. Fahazaza, anisan'ny fotoana mamy tamin'ny fiainany ny fahatongavan'ireo fianakaviany avy lavitra tonga mamangy azy ireo aty Antannarivo. Midongy tsy mety mianatra mihitsy izy, rehefa tonga ny havany ka tezitra be ny rainy. Indray andro, tezitra mafy taminy ny rainy ka nosaziany namafa kaboné izy rehefa tsy nety nianatra. Dia tsy naka sarotra fa rafitra tokoa ny anao lahy nanasa kaboné, satria izay no tambin'ny tsy fandehanana mankany andakilasy fa tonga vahiny tsinona. Tsy hitan'ny rainy izay nanaovana azy !

**Navadiky ny borety dia naratra ny lohany**

Tamin'ny fahazazany ihany, rehefa tsy mianatra, indrindra fa amin'ny fialantsasatra dia entin'ny reniny mandeha lamasinina manao vakansy any Antsirabe ry zareo. Nipetraka tany tsinona ny raibe sy renibeny tamin'izany. Noho ny toerana misy azy ireo malalaka be, dia maro ny kilalao fanao tamin'izany. Indray tonga daholo ihany koa ireo zanaky ny iray tampo izay mitovitovy taona aminy. Indray andro, nentin' ny "cousin"-ny tamin'ny borety izy. Mihazakazaka ilay mpanosika amin'izay, ary izy faly ery entina ao anatiny. Kanjo tsy zakan' ilay mpanosika izy ka nianjera nihohoka ilay borety. Sarona tao izy, ka naratra ny faritry ny fihirifany. Hatramin'izao mbola tsy afaka ny holatra navelan'ny filalaovana borety tamin'izany.

**Mitety "bal des jeunes" dia mifaninana mandihy**

Boay kely tia mandihy hatramin'ny fahazazany i James. Tamin'ny mpianatry ny CEG Nanisana, dia fanaony ny manenjika "bal des jeunes" eran'ny tanàna, manerana an'Ampasapito iny, ka hatreny amin'ny Panorama Andrainarivo. Mandray anjara amin'ny fifaninanana mandihy "rock" sy "smurf" izy amin'izany, ary matetika mahazo ny laharana voalohany.

Indray andro ihany koa, mbola tsaroany hatramin' izao, izy niaka-tsehatra nanao ilay hira "3 sy 4" tao Mahamasina. Mbola kilasy 4[ème] izy tamin'izany (1985). Niantso ry Iraimbilanja hoe iza no vonona hiakatra ety hihira an'i "3 sy 4", dia tsy nisalasala izy niakatra, nandray micro ary nihira.

**Tapa-tongotra sy tanana tao anatin'ny 5 volana**

Tamin'ny taona 1992 no anisan'ny fahatsiarovana be tsy mety hadinony ihany koa. Tao anatin'ny 5 volana monja, no tapaka ny tongony sy ny tanany. Izany hoe nitsambikina teo amin'ny tamboho no naha tapaka ny tongony ny volana septambra. Nasiana vy mihitsy nampitohizana azy. Ny volana aprily taorian' izay, tapaka indray ny tanany ary nasiana vy. Nitondra fiara izy no nahavoa ny tanany. Tsy nety nandeha ilay fiara, dia sendra niondrika kanjo nihemotra tampoka ilay fiara dia voan'ny vavahady ny tanany ka tapaka.

**Nodarohan'ny mpampianatra dia niantso polisy**

Tany Moramanga no nianatra i James, nanomboka kilasy 2[nde] ka hatramin' ny Terminal. Any Tsirinala izy no mipetraka fa ao Moramanga kosa mianatra, izay hoe mielanelana 12km eo ho eo. Misy fiara mitondra fa indraindray ilaozan' ny fiara izy fa variana miaraka amin'ny namany mandehandeha dia voatery mandeha an-tongotra mody. Fotoana nampiala sakany azy rahateo io. Indray andro, nanala hoho tao andakilasy izy. Tratran'ilay mpampianatra teny frantsay, dia novelesiny tamin' ny hazo. Tezitra izy, dia nofelahany ny tehamaina ilay mpampianatra. Niantso tomponandraikitra ilay mpampianatra, dia tonga daholo ny mpampianatra hanao tambabe taminy. Kanjo tafaporitsaka izy, dia niantso polisy avy hatrany. Tonga ny polisy, tsy nisy azon'ny mpampianatra natao.

Nangonin'i Fy

Jean Pierre Mellaert - Mpaka sary

## Manolotra fampirantiana "Madagascar, la vie en couleur"

Manolotra fampirantiana sary ao amin'ny Mozaik etsy Ambohijatovo amin'izao ilay mpaka sary vahiny iray, Jean pierre Mellaert. Tamin' ny 18 aprily lasa teo izany no nosokafana tamin'ny fomba ofisialy ary dia amin'ny 6 may izao kosa vao hifarana. "Madagascar, la vie en couleur" no lohateny nampitondrainy an'ity fampirantiana ity, ka dia maneho izany sary maro loko izany mihitsy ny zavatra hita ao. Marihina moa fa mpaka sary iray efa ela no teto Madagasikara i Jean Pierre. Tia mandehandeha mizaha tany izy, ary saika efa nalehany avokoa ny toerana rehetra eto amintsika. Rehefa mandeha izay izy dia maka sary an'izay zavatra hitany eny rehetra eny ary dia tantarainy an-tsary ireo fiainan'ny olona amin'ny andavanandro sy ny fahatsaran'ny tontolo iainana. Araka izany dia hoentiny mitsangantsangana erak'i Madagasikara mihitsy koa izany isika amin'ny alalan'ity fampirantiana ity, satria dia ireo toerana rehetra nalehany ireo mihitsy no ho hita ao. Efa ela moa izy no nanomana ity fampirantina ity saingy izao izany vao harosony ho hitan'ny rehetra amin'izay. Antenaina araka izany fa ho maro isika no ho avy hitsidika izany.

Tanya.R



Bac mitondra olona teny amin'ny "Canal de Pangalane" (Santionan-tsary arantiny).




Poety Rebely - Slam Poezia

# Fahombiazana ny seho nanamarihana ny fivoahan'ny Rakipeo "Anindaotse"

*Aorian'ny fampahafantarana eto Antananarivo dia entin'i Poety Rebely mitety faritra i "Anindaotse".*

Fahombiazana tokoa ny lanonana famoahana rakipeo "Anidaotse" tetsy amin'ny Lapan'ny tanànan' Antananarivo, ny zoma hariva teo. Seho tsy manampaharoa teo amin'ny tontolon'ny Slam Poezi no netin'i Poety Rebely nanamarika izany, izay nanasany vahiny manankaja maro. Anisan'ny tonga nanotrona izany ny delegsiona mafonja notarihin'ny Minisitry ny Serasera sy ny Kolontsaina. Nambaran'i Poety Rebely fa ny "Anindaotse" no faratampony amin'ny asa mafy nataony ho fanehoany ny fitiavana sy fanandratana ny teny fibeazana ary indrindra ny Salma Poezia Malagasy. Raha ny fanazavana, ny "anindaotse" dia rivotra mitsoka any amin'iny faraitra Atsimo Andrefana. "Rivotra mandrotsirotsy izy io ka mahatonga torimaso lalina ho an'ireo biby any anaty ala, toy ny Maki. Noho io torimaso io dia mianjera amin'ny tany izy ireo ka tapaka teo ny torimasony. Dia mitovy tsy misy valaka amin'izany ihany koa ny poezin'i Poety



**Hanomezam-boninahitra manokana ny faritra niavian' i Poety Rebely ny rakipeo.**

Rebely izay somary mandrotsirotsy kanefa manaitra ny saina ny hafatra entiny. Fa ny tena zava-dehibe dia nataon'i Poety Rebely hanomezam-boninahitra manokana ny faritra niaviany ity rakipeo ity. Nanaitra ny mpijery ny zava-bitan'i Poety Rebely, mpanakanto mpitarika, izay nanintona ny mpihaino tamin'ny teny sy ny feony mikarantsana sy mandona fo. Nandray anjara tamin'ny fanomezana kanto ny seho i Blossome ary namela ny Poety Rebely hamirapiratra. Noderaina ihany koa i Andry Kossel, mpitendry gitara sady mpamokatra ny rakipeo tamin'ny fandraisany anjara tamin'ny fahombiazan'ny takariva. Nandresy lahatra ny mpijery ihany koa ny dihy nataon'i Nazaria, izay nanehoany ny asan'ny "rivotra" nandritra ny fampisehoana. Ny OC Agency moa no tompon' antoka tamin'ny fikarakarana ny hetsika, izay nandrafitra tanteraka ity takariva tsy hay hadinoina ity. Nandray anjara lehibe tamin'ny fanatanterahana ity tetikasa goavana ity ihany koa ny mpamokatra ny rakikira, Mirador ary nanome fanohanana ara-javakanto ho an'i Poety Rebely i Alef

**Entina hitety faritra**

Nisaotra ny mpandray anjara rehetra tamin'ity tetikasa ity ny tenany. Nambarany fa ny tetikasa manaraka dia hitondra an'ity vokatra "Anindaotse" ity mitety faritra maro eto Madagikara. Eo ihany koa ny fanomanana famaohana rakitsara mifandraika amin' ny "Anindotse". Voarakitra ao ny asa soratra hatramin'izay sy ny vaovao. Te hitondra hafatra manerana ny Nosy izy noho ny fahatsapany fa lasa mizarazara, mifampihantsy, ny samy Malagasy. Ankoatra izay dia anisan'ny voiziny ihany koa ny mbola fisian'ny tsindry hazolena mahazo ny vehivavy. "Ampela zaho, tsy manaiky ny fanambaniana ny vehivavy amin'ny lafiny rehetra ka mitaky fitovian'ny lahy sy vavy", hoy i Poety Rebely.

**Tiaray R**

Akon'Ankaratra

# "Tsary teny" hiarahana amin'ny Faribolana Sandratra Antsirabe

Hanolotra antsan-tonokalo ao amin'ny Akon'Akaratra, etsy amin'ny Tranomben'ny Serasera sy Kolontsina, Piste Vatofotsy, ny mpiray faribolana sandratra eto Vakinankaratra, anio hanomboka amin'ny 2 ora tolakandro. « Tsary teny » no lohahevitra entina manamarika ity hetsika ity, izay hitondra ny mpanoratra sy mpiantsa ireo poezy sy tononkalo manambara ny zava-misy manodidina ny fiainana andavanandro. Horesahin'izy ireo mandritra izany ny resaka fitiavana, tsy fitiavana, ny trangam-piaraha-monina, sy ny maro hafa. 15 mianadahy izy ireo no hifampizara sehatra amin'ity anio ity ka anisan' izany i Ni, Rima, Ra-Phi, Rovaniala, Niry-Solosoa, Solomon Rakotonirina, Georges Andrianambinina, Ny Kintana Fitarikandro, Bosco Rasetramanana, Freddy Ranarintsoa, Ain Fa-Soa, Ny Ambato, Indraina, Ny Tsiaro ary Mahalia. Tsy misy vidim-pidirana ny hetsika, mitovy tamin'ny "Tsary teny" natao tao amin'ny CGM Analakely Antananarivo ihany. Andron'ny boky moa ny anio ka hisy ny boky amin'ny endriny maro azo jifaina amin'io fotoana io. **Tiaray R**



## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### MIVIDY

* MM. Feno. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debaras sns. Tél : 033.01.764.83 / 034.22.160.88. (G-BA 519/20-16)

* Fanaka, frigo, congélateur, machine, kojakoja an-dakozia...Tél : 032.40.056.16 / 033.11.173.27. (G-BA 529/20-3)

### AMIDY

* Fanaka, frigo, congélateur, salon, bahut, armoire sns. Tél : 034.20.405.10 / 033.11.785.44. (G-BA 528/10-3)

* Fanaka, frigo, congélateur, chaîne, télé, an-dakozia, etc....Tél : 034.74.225.75 / 033.25.796.88. (G-BA 528/10-3)

### FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy " coupe homme ". Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 531/10-1)

### FORMATION

* Format° coiffure tsisy écolage. Iantohanay ny fitaovana. Tél : 034.93.010.74. (G-BA 530/10-1)



**Gazetiko 25 taona**

# FIFANINANANA TONONKALO

## IREO NAHAZO LOKA

*Betsaka ianareo no nandray anjara tamin'ny "Gazetiko 25 taona - Fifaninanana tononkalo". Na izany tamin'ny mpamaky nandefa tononkalo na izany tamin'ny mpamaky nitsara nifidy ireo tononkalo dimy mendrika indrindra. Nahatratra 648 ny tapakila fandraisana anjara tamin'ny tononkalo ka ny 18 tamin'ireo tsy nahafeno ny fepetra. Tamin'ireo tononkalo 630 nandalo teo anatrehan'ny mpitsara, nisongadina ny tononkalo folo (10) ka navoaka teto amin' ny gazety mba hifidiananareo mpamaky izay dimy (5) mendrika indrindra.*

*Ireto àry ireo tononkalo dimy hahazo loka ireo araka ny safidinareo mpamaky :*

### Voalohany : T1 mahazo 500.000 ariary

**"Gazetiko 25 taona"**

Izahay mpamaky faly miarahaba etoana
Amin'izao taon-jobily volafotsy izay tsaroana
Gazety iray miavaka ahitana vaovao
Torohevitra, tantara ao koa ireo lalao
Enga anie ka hihatsara, izay no firariantsoa
Ho gazety tokana tena miavaka tokoa
Dia ho traty ny ela indrindra haharitra hatrany
Satria gazety tsara rindra izany hoe Gazetiko izany

RAKOTOARINTSIFA
Hery
II C 38 Ampandrana
033 11 576 29

### Faharoa : T9 mahazo 400.000 ariary

**"Gazetiko 25 taona"**

Sesehena ireo gazety mpiseho isa-maraina
Fa hafa ihany ny Gazetiko manintona ny saina
Roapolo taona miampy dimy no efa niorenany
Mahaliana hatrany ny vaovao izay fantenany
Rariny aho raha hiarahaba ary koa hirary soa
R'ilay Gazetiko isan'andro ankafiziko tokoa
Haharitra ela indrindra e ary koa ho tsofin-drano
R'ilay Gazetiko atonta eny Ankorondrano

RAVELONANTOANDRO
Roger
214 AN Bis Ambohipanja
Ankadikely
033 08 060 40 na
034 35 490 78

### Fahatelo : T4 mahazo 300.000 ariary

**25 taona**

Dimy amby roapolo taona
Toera-maro no voatetiko
Fa n'aiza n'aiza tafahoana
Sy mamaky anao GAZETIKO
Isan'andro be mpitaky
Ny GAZETIKO, aiza ianao ?
Fa mahaliaba bt mpamaky
Ny andinin-dahatsoratrao !

RAZAFIMALALA
Andonirina Mario
Amontana Fianarantsoa
/ 034 05 161 84

### Fahefatra : T2 mahazo 200.000 ariary

**Ilay Gazetiko**

Zava-misy, pôlitika, samihafa, kolontsaina…
Anaty pejy valo isan'andro tantaraina
Soa zaraina maro, sarobidy, tsy voavidy
No maharaka vaovao, sady ala voly no lalao !
Nanovozako harena, fahalalana sesehena,
Nampitombo ny fahaizako sy ho solika fitaizako
Hirariako ho lavorary, ho tahian'Ilay Nahary
Ilay Gazetiko hampiray, ny dimampolo ho avy indray…

RAZANAKOTO
Soloniaina Angeline
Lot II N 1AF Bis
Ambatobe /
034 15 321 24

### Fahadimy : T3 mahazo 100.000 ariary

**25 taona**

Gasikara no niaingana tamin'ny asan-tserasera,
Ary tao no nahitana tolotsaina lany era,
Zanahary no nitahy ka tratr'ity tsingerin-taona,
Ezaka tokoa ry lahy no vita hatreto ka tsaroana,
Tao anaty taona maro : roapolo dimy amby
Io Gazetiko io fantaro : nahavita fanamby
Ka ny taona izay ho avy mbola hiroborobo hatrany,
O ! ry Tompo o ! Miangavy raha sitrakao izany !

RANDRIANAIVO
Lalason Emile
G 47 Ankadiaivo
Alasora /
032 42 448 63

Teo amin'ny mpamaky nitsara ireo tononkalo indray kosa , indreto ireo nahita ny tononkalo tsara indrindra. Nahafahana mandahatra azy ireo ny isa natolony teo amin'ny fanontaniana fanampiny. 191 ny mitovy safidy teo amin'ny tononkalo tsara indrindra.

**1er - RAKOTOARIMANANA Lucien (192)**
**ITL 62 B Tsarahonenana Itaosy / 034 52 303 29 , mahazo : 250.000 ariary**
**2è - RANAIVOSOLO Seheno Manitra Jerena (189)**
**III PH Ampahibe A/jaka / 034 78 303 24 , mahazo : 200.000 ariary**
**3è - RAKOTOARIMANANA Lucien (195)**
**ITL 62 B Tsarahonenana Itaosy / 034 52 303 29 , mahazo : 150.000 ariary**
**4è - RATOVOHARISON Mampionona Herizo**
**(196) TSF 248/B Antsahafohy / 034 78 303 30 , mahazo : 100.000 ariary**
**5è - RAKOTOARISOA Jean Henri (186)**
**IJG 67 Ambavahaditokana Itaosy / 034 53 931 90 , mahazo 50.000 ariary.**

Miarahaba ireo mpanoratra sy mpamaky hahazo loka isika. Tolorana fisaorana isika rehetra nandray anjara tamin'ny fifaninanana tononkalo Gazety 25 taona.

**Hatao ny zoma 28 aprily 2023 amin'ny 3 ora tolakandro ny fizarana ny loka eto amin'ny Midi Madagasikara Ankorondrano misy ny Gazetiko. Antsoina ho tonga amin'izany ka hitondra karapanondro na taratasy mahasolo izany ireo nahazo loka ireo.**

Faratsiho

# Vehivavy hita faty niboridana tao anaty rano

Fatim-behivavy iray sahabo ho 52 taona no hita tao amin'ny fokontany Ambohitratsimo, kaominina ambanivohitra Andranomiady, distrikan'i Faratsiho, ny andron' ny alarobia lasa teo. Tsy nisy nahafantatra azy fa araka ny fizahana dia niboridana tanteraka ilay ramatoa hita faty. Izany hoe tsy niankanjo intsony ny vatany ambony ambany ary nihohoka no nahitana ny razana. Tamin'ny fotoana nahatongavan'ireo manampahefana teny an-toerana dia hita tao anaty rano ny razana. Vehivavy fotsy fihodirana ny razana. Nisy fahavakiana ny lohany ary efa niongotra avokoa ny volon-dohany. Nilaza ireo tomponandraikitra nanao ny fidinana ifotony nahita ny zavanitranga fa nisy namono io ramatoa io saingy mbola tsy fantatra izay nahavanona izao herisetra tamin'ny fomba feno habibiana izao. Mponina ao Antanety fokontany Ambohitratsimo, kaominina ambanivohitra Andranomiady, distrikan'i Faratsiho izy io.

**Karohina ny nahavanon-doza**

Taorian'ny fizahana natao dia efa natolotra ny fianakaviany ny razana ary mitohy ny fanadihadiana ny raharaha. Hitan'ny fokonolona tao anatin'ny renirano antsoina hoe Moron'Antanety, ao amin'ny fokontany Ambohitratsimo, eo ambony, izy ity tokony ho tamin'ny 10 ora maraina. "Nisy niantso izahay ka nandray fepetra avy hatrany nizaha ny tranga ary nampandre ihany koa ireo manampahefana isan-tsokajiny ary ny lehiben'ny tobim-pahasalamana eto Faratsiho. Misokatra ny fanadihadiana ka ny tobim-paritry ny zandarimaria ao Faratsiho no misahana ny raharaha», hoy ny loharanom-baovao azo avy amin'ny mpitandro ny filaminana.

**Ariel D.**

Antsohihy

# Dahalo iray matin'ny fokonolona

Efa ela nampihorohoroana vahoaka ny dahalo iray tao Amboroho, kaominina Ampandriankilandy, distrikan'Antsohihy. Malaza ratsy amin'ny resaka halatra omby ity farany ka io no nahatonga ny olona efa niandry azy kendritohina. Raha ny angom-baovao azonay dia ny talata teo tokony tamin'ny 2 ora tolakandro no matin'ny fokonolona ity olon-dratsy ity. Efa razana nihoson-drà no novantanin'ny zandary nidina avy hatrany tany antoerana rehefa naharay ny antso. Tao amin'ny toerana atao hoe Andilantevana sahabo ho iray kilometatra tsy hidirana ny tanànan' Amboroho no nahitana ny razana efa voaviraviran'ny



olona. Nihosin-dra ny lohany vokatry ny zavamaranitra nikapohana azy. Nahitana antsy lava sy kitapo kely ihany koa teo akaikiny, izay nisy ody gasy sy tapa-kazo maromaro, vola vy ariary folo sy vola taratasy ariary 100. Marihina fa vao 26 taona monja ity dahalo ity ary manaraka vehivavy ao Anjiamarina izy. Tsy vitan'izay anefa fa izy ihany no maka ny ombin'ny olona amin'io tanàna io ka efa ela no niandrasan'ny vahoaka azy. Efa fantatry ny maro rahateo fa dahalo izy, ka nony nandalo tao amin'ilay tanàna dia nosamborina. Namaly moa ity farany ka izao lavon'ny fokonolona izao.

**Ariel D.**

Betioky Atsimo

# Zaza varira saika hamidy tratra tany amin'izy efa-dahy

Ankizivavikely varira tokony ho 3 taona nisy nangalatra ary saika hamidy no saron' ny kalony sy ny zandary tao amin'ny fokontany Fenoarivo, any amin'ny distrikan'i Betioky atsimo, afakomaly. Telo lahy no voasambotra tamin'io fotoana io. Araka ny fanazavana dia olona efatra nitondra ilay zaza no nifanehatra tamin'ireo mpitandro filaminana sy kalony. Nosamborina avy hatrany ry zalahy saingy ny telo tamin'izy ireo ihany no tratra fa ny iray kosa tafaporitsaka. Nentina tany amin'ny biraon'ny mpitandro filaminana avy hatrany ireo voasambotra ireo ary nandritra ny famotorana natao azy ireo no nilazany fa tsy fantatr'izy ireo ny fiavian'io zaza io. Tsy mbola fantatra rahateo ny mombamomba ity zaza ity sy ny anarany.

*Ny talata 11 aprily no nolazain'izy ireo fa nanateran'ilay olona ilay zaza tao amin'izy ireo tao Tameantsoa*

**Karohina**

Nilaza hatrany ireto tratra ireto fa olona iray avy any Beara, kaominina Masiaboay, any amin'ny distrikan'i Betioky atsimo, ihany no nanome azy ireo ilay zaza mba hamidy. Ny talata 11 aprily no nolazain'izy ireo fa nanateran'ilay olona an'ilay zaza tao amin'izy ireo tao Tameantsoa. Araka ny fantatra dia avy ao amin'ny kaominina Tameantsoa, ao anatin'ny distrikan'i Betioky atsimo, avokoa ireo olona efatra ireo. Dia nilaza izy ireo fa tsy lafony ilay zaza ka dian'ny handeha hamerina azy any amin'ilay olona nanome azy izy efa-dahy izao tratran'ny zandary sy ny kalony izao. Mitohy amin'izao fotoana izao ny fikarohana ilay olona voatondro fa nanome azy ireo an'ilay zaza. Efa nentin'ny zandary nankany Betioky atsimo ihany koa ilay zaza. Mitohy ny famotorana.

**T.H**

Maevatanana

# Telo mianaka maty tototry ny tany

Tany amin'ny karieram-bolamena no nitrangan'ity loza ity, tao amin' ny toerana atao hoe Abemoka, fokontany Ambodibonara, kaominina Berivotra 5/5, avaratra andrefan'ny tetezana Ikalamilotra Be, distrikan'i Maevatanana. Ny andron'ny alakamisy lasa teo tokony ho tamin'ny 11 ora maraina no nisy fihotsahana tampoka ny tany tao amin'ny kariera iray, ka olona 3 mianaka no namoy ny ainy tamin'izany, voatototry ny tany nitadiavan'izy ireo volamena. Raha ny fanazavana avy any an-toerana dia 4 mianaka izy ireo no nitady volamena tao amin'io toerana voalaza etsy ambony io. Ny 3 tamin'izy ireo no nirodanan'ny tany ka ny iray ihany no tafavoaka velona fa ny ambiny tototra tao. Ity anankiray avotra soa aman-tsara ity kosa no nampandre ny mponina tao amin'ny tanànan'i Berivotra 5/5. Natao ihany ny antso ho famonjena azy ireo saingy fa tsy tana ihany ny ain'ireo telo mianaka. Nanao paika lakolosy ho fanairana ny fokonolona izahay ka tokony ho tamin'ny 12 antoandro dia nidina ifotony haingana ny mponina sy ny mpitandro filaminana hanao ny famonjena azy ireo. Niezaka nanao ny vonjy aina ny rehetra, kanefa afa-nenina fa tsy avotra ny ain'ireo olona ireo. Anisan'ny namoy ny ainy ilay rangahy 67 taona sy ankizy 13 taona, zanak'ilay raimpianakaviana io, ary tovolahy 17 taona. Efa natolotra ny fianakaviany moa ny razana rehefa vita ny fizahana nataon'ny mpitsabo tao an-toerana. Hatreto dia tsy nahazoana fanazavana ny antony nampihotsaka ny tany ka nanototra azy ireto.

**Ariel D.**

Itaosy

# Tambajotra mpangalatra môtô ravan'ny zandary

Môtô iray marika jog pro no nisy nangalatra tao amin'ny tokantrano iray tao Antsahakely Itaosy, ny alarobia alina teo. Nampandre avy hatrany ny zandary teny Itaosy ny tompon'ny môtô very. Natao ny fikarohana ka vokatry ny fiaraha-miasan'ny zandary sy ny mponina teny an-toerana dia olona efatra no voasambotra, izay tratra teo am-pikirakirana ilay môtô halatra. Tao Amboatavo Itaosy izy ireo no voasambotra, ary misy vehivavy. Mbola misy ny naman'izy ireo karohina, tafatsoaka raha vao nahita ny namany voasambotra. Raha ny fanazavana azo hatrany dia efa tambajotra mihitsy izy ireto, satria rehefa azony ny môtô dia ovainy ny lohany, na misy amboariny mba tsy hahafantaran'ny tompony azy. Efa misy ihany koa ny mpivarotra ka maromaro izy ireo no miara-miasa amin'izany. Betsaka ihany koa ny olona efa lasibatr'izy ireo.

**R.C**

## Tatsy sy taroa

**#Efa-dahy nirongo basim-borona iray no nikasa hangalatra omby** tao amin'ny zana-tanàna antsoina hoe Ampasibe, fokontany Ambonara, kaominina sy distrikan'Antsalova, ny alarobia lasa *teo.* Nandritra izany dia niezaka nanao ny fomba fisakanana tsy hahavery ny omby sy fiarovana ny tanàna ny zatovolahy teo an-tanàna. Raikitra ny fifandonana teo amin'ireto olon-dratsy sy ny mponina ka resy tosika ny fahavalo. Na izany aza dia tsy nisy zavatra voaroba teo amin'ilay tanàna fa lehilahy iray avy amin'ny fokonolona kosa no naratra voatifitra teo amin'ny tarehiny. Tsy nisy natahorana moa ny ainy ary efa nahazo ny fitsaboana sahaza azy izy, ao amin'ny CHRD Antsalova. Nisy naratra ihany koa ireo olondratsy fa nentin'ireo namany nandositra. Voatery nanamafy ny fiambenana ny tanàna sy manao ny fanaraha-maso ny olona mivezivezy ireo mpitandro ny filaminana. Mitohy ny fikarohana ireo olondratsy.

**Ariel D.**

## Manal azy de mimeme



Analakely sy Andavamamba

# Nirefodrefotra ny basy, jiolahy 2 mpamerinkeloka lavon'ny polisy

*Nisahotaka ny mponina teny an-toerana raha nandre ny feom-basy nandritra ny fanenjehana ireo jiolahy.*


Ireo jiolahy maty !

Tokantrano iray teny Andavamamba no saika hotafihan'ny jiolahy, ny alakamisy alina teo. Nalaky hitan'ny tompon-trano anefa ireo ka nampandrenesina haingana ny mpitandro filaminana. Fotoana fohy taorian'izany dia tonga teny an-toerana ny polisy ka raikitra ny fisamborana ireo jiolahy. Nirefodrefotra ny basy nandritra izany, satria vaky nandositra avokoa ireo farany raha vao nahatazana ny polisy. Voatifitra ny jiolahy iray ka maty tsy trà-drano. Mbola hita teny aminy ny basy kilalao nampiasainy nanaovany ny asa ratsiny. Tafatsoaka ireo namany saingy tsy namelan'ny polisy fa nifanenjehana hatrany anaty elakelan-trano rehetra tany. Nisahotaka ny mponina teny an-toerana raha nandre ny feom-basy nandritra ny fanenjehana ireo jiolahy. Mbola mitohy hatrany ny fikarohana.

**Avy nigadra**

Fa ankoatra io dia jiolahy iray ihany koa no lavon'ny polisy teny Analakely ny alakamisy alina teo. Raha ny fanazavana azo dia jiolahy efa raindahiny tokoa izy ity, izay efa voasambotra niaraka tamin'ny antsy lava ny 28 may 2022 ary nigadra rehefa natolotra ny Fitsaràna. Vao tafavoaka ny fonja anefa izy dia nanohy ny asa ratsiny indray ka voatifitra teny Ambohijatovo ary naratra vokatr'izany. Nigadra indray izy ny 20 septambra 2022. Mbola namerina ny asa ratsiny hatrany anefa izy raha vao tafavoaka ary izao lavon'ny balan'ny polisy izao.

R.C

Fanaovana pasipaoro eny Anosy

# Olona 4 manakorontana ireo mpilahatra voasambotra


Ireo olona voasambotra !

Maro ireo olona tonga manao pasipaoro eny Anosy. Misy ihany koa ireo manararaotra izany ka manakorontana ireo mpilahatra. Olona efatra, roa lahy sy vehivavy roa, no nosamborin'ny polisy tamin'izany. Araka ny fanazavana azo dia mpisera ireo antontantaratasy sandoka hanaovana pasipaoro ireo roa vavy ireo. Nisy ny fandaminana vaovao napetraky ny tomponandraikitra eo amin'ny famoahana pasipaoro ka nandritra izany no nahatratrarana ireto farany. Ireo lehilahy roa kosa indray dia voalazan'ny polisy fa mitaona sy manakorontana ireo mpilahatra mba tsy hanaiky io fandaminana napetraka io. Dia niroso avy hatrany tamin'ny fisamborana ireto olona ireto ny mpitandro filaminana. Araka ny fanazavana azo hatrany dia nahenoana fofon-toaka izy roa lahy ireo nandritra ny fisamborana azy ary tsy manana antontan-taratasy hanaovana pasipaoro ihany koa, fa tonga hanakorontana teny fotsiny. Efa nentina tany amin'ny biraon'ny polisy natao famotorana ireto olona voasambotra ireto. Marihina fa misy ny laharan-telefaonina 034 03 843 15 azo antsoina raha sendra misy tranga miseho toy ireo ambony ireo ho fiarovana ireo mpilahatra pasipaoro. Ankoatra izay dia azo antsoina ihany koa ny laharam-pinday 034 05 507 34 raha mahita na mandre trangan-kolikoly na tsy fahaiza-miaina ataon' ireo mpiasa ao amin'ny fanaovana pasipaoro.

T.H

Maroantsetra

# Lehilahy iray voafonja tafatsoaka tany anaty ala

Lehilahy iray nigadra tao amin'ny fonjan'i Maroantsetra no tafatsoaka raha nivoaka niaraka tamin'ny mpitandro filaminana handeha haka ny volabe nangalariny, izay voalaza fa naleviny ao anaty ala tany amin'ny fokontany Maintimbato, kaominina Manambolo, any amin'ny distrikan'i Maroantsetra. Araka ny fanazavana azo avy amin'ny mpitandro filaminana dia resaka halatra omby no nidiran'ity lehilahy ity amponja, ny volana jona 2022. Nalain'ny polisy tao amin'ny fonja tamin'ny alalan'ny "demande d'extraction" tamin' ny 15 aprily teo ralehilahy ka ny ampitson'io no nentin'izy ireo nankany amin'ilay toerana hoe hakana io volabe nangalariny tany amin'ny toeran-kafa io. Rehefa tonga tany anatin'ilay ala voalaza anefa dia nitsiry ny hevi-dratsin'ilay voafonja, satria lasa nirifatra nitsoaka izy.

**Fitsaram-bahoaka**

Nandeha nanao fidinana ifotony ny zandary avy ao amin'ny tobim-paritra Maroantsetra raha vao naheno mikasika ny zava-nitranga. Araka ny fanazavana azo hatrany, raha vao nahafantatra ny zava-niseho ihany koa ny vahoaka tany antoerana dia tezitra ary mikasa ny hanao fitsarambahoaka an'ilay lehilahy raha vantany vao hita izy ka tratra indray, satria araka ny fantatra dia tao no nanavaon'ity lehilahy ity ireo asa ratsy nampigadra azy. Araka ny fantatra ihany koa dia olona efa mpamerinkeloka ity olon-dratsy ity, satria efa nigadra noho ny halatra omby ihany koa izy ny taona 2021 ary efa nandositra ny fonja ihany koa tamin'izay. Mitohy ny fanadihadiana sy fikarohana.

T.H

Anosizato Andrefana

# Rangahy in-3 nigadra tamin'ny fivarotana rongony

Efa ela no nanaovan'ity rangahy ity varotra rongony ary efa intelo nigadra noho izany izy saingy mbola nanohy ny asa ratsiny hatrany. Efa malaza amin'izany asany izany izy. Mody mivarotra gony sy « sachet » eny Anosizato Andrefana izy kanefa amin'izany no anararaotany mivarotra rongony. Efa maro no mahafantatra izao zavatra ataony izao ka nisy nampandre ny mpitandro filaminana. Natao ny vela-pandrika ka voasambotra ilay rangahy. Mbola nahatratrarana fonosan-drongony maromaro tany aminy rehefa nosavaina. Ny alakamisy teo izy no natolotra ny Fampanoavana ka notanana vonjimaika any am-ponja faninefany. Tokony ho dimampolo taona mahery eo ity rangahy ity. Maro tokoa ireo tanora tafaroboka amin'ity fidorohana zava-mahadomelina ity. Hatramin'ny ankizy mpianatra avy aza no lasibatra amin'izany amin'izao ka izay no mahatonga ny mpitandro filaminana hamongotra itony mpivarotra sy mpidoroka rongony itony.

R.C



Andoharanofotsy

# Mpangalatra "fil" Jirama voasambotra



Teo am-panaovana ny asa ratsiny mihitsy ity lehilahy iray ity, izay nangalatra "fil" Jirama, no voasambotry ny fokonolona tao Ankazobe, kaominina Andoharanofotsy, omaly maraina. Nampandrenesina avy hatrany ny zandary ka nidina teny an-toerana nijery ny zavanitranga. Efa saika nanaovan'ny olona fitsarambahoaka teo ilay rangahy raha tsy nalaky tonga ny zandary. Mbola tratra teny aminy ny "fil" mirefy roapolo metatra eo ho eo. Nentina avy hatrany natao famotorana ilay rangahy ary nampandrenesina ny tomponandraikitry ny Jirama eny an-toerana. Mazava ho azy fa tapaka ny jiro tamin'ny faritra nangalaran'ity lehilahy ity ireo fil ireo.

R.C

Bongatsara

# Vato indostrialy 28 taonina saron'ny zandary

Nandritra ny fisavàna nataon'ny zandary tamin'ny làlampirenena fahafito iny, teo Ambatobevohoka, kaominina Bongatsara, an'ity kamiao ity, lehilahy iray no nahatratrarana vato indostrialy « spodumen » milanja 28 taonina, omaly antoandro. Raha ny fanazavana azo dia taratasy natao dika mitovy, na « photocopie », no nasehon'ny mpamily mikasika ireo vato nentiny ireo. Avy any Antsirabe ireo vato, ary saika hoentina any Toamasina. Nogiazana avy hatrany ireo vato tratra ireo ary nampidirina am-balampamonjana mandritra ny folo andro kosa ny fiara. Notanana natao famotorana ihany koa ny mpamily hahafantarana ny tompon'ireo vato ireo. Mbola mitohy ny fanadihadiana.

R.C

Karaté - Sensei René Ramanitrandrasana

# Hampiofana mandritra ny 2 andro eto Madagasikara

*Hisy ihany koa ny "Open René Ramanitrandrasana".*


Ny komity mpikarakara ny fahatongavan'ny sensei René Ramanitrandrasana.

Ho avy eto Madagasikara amin'ny 25 avrily izao, ny sensei René Ramanitrandrasana, eo amin'ny haiady Karaté. Feno tanteraka ny fandaharam-potoanany mandritra ny fandalovana eto an-tanindrazana, raha ny nambaran'ny sensei Rakotonirina Marcel, filohan'ny komity mpikarakara ny fivahinianan'ity Raiamandreniben' ny karaté malagasy eto ity. Anisan'izany ny fampiofanana hampanaoviny, ny 27 sy 28 avrily amin'ny 6 ora sy sasany hatramin'ny 8 ora sy sasany maraina, etsy amin' ny Lapan'ny Kolontsaina sy Fanatanjahantena Mahamasina. Misokatra ho an'ny rehetra sy ny sokajintaona tsy an-kanavaka izany, hoy hatrany ny komity mpikarakara, saingy tsy maintsy karatékas avy amin'ny klioba ara-dalàna. Tsy hisy kosa ny saram-pandraisana anjara ho an'ireo mpiofana. Ankoatra izay, hisy ihany koa ny fifaninanana "coupe René Ramanitrandrasana", hotanterahina ny 29 avrily. "Open eo amin'ny Kata sy Kumite no hatao amin'izany, handraisan'ny sokajy séniors lahy sy vavy anjara. Hisy ihany koa ny fifaninanana ho an'ny sokajy zandriny, izay hiova kely ny amin'ity, hoy ny Sensei Charlie Rakotobe, satria tsy misy ny sokajindanja. Manentana ireo klioba rehetra hisoratra anarana mialoha ny mpikarakara. Tsiahivina fa 86 taona amin' izao ny Sensei René Ramanitrandrasana, ary efa 60 taona nanaovana karaté. Manana ny tepana mainty 10eme dan, grady farany ambony, ny tenany. Mendrika ary reharehantsika ny mbola fananana azy ka antenaina fa ho tonga maro ireo mpiangaly ity taranja ity mandritra izany.

**Rabenaivo**



Rugby - Tompondakan'i Afrika U-20

# Hidona amin'ny Tonizia ny Makis de Madagasikara

Hanomboka anio atsy Kenya, ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika ho an'ny latsaky ny 20 taona, taranja Rugby. Handray anjara amin'izany ny Makis de Madagasikara. Raha ny fandaharam-potoana dia hifanandrina amin'ny ekipampirenen'i Tonizia izy ireo amin'ity andro ity. Tafiditra amin'ny dingana ampahefa-dalana avy hatrany moa izy ity, ka izay tafavoaka eo no hiakatra amin'ny manasa-dalana. Raha ara-taratasy dia ny Makis juniors no apetraka ho sangany eto. Antenaina fa tsy ho sakana ho azy ireo ny Toniziana. Na izany aza, tsy azo hamaivanina ny mpifanandrina, izay rahateo no tenin'i Jonah mpanazatra, izay efa mahay tsara ny fitantanana ireo mpilalao zandriny toy izao. Tsiahivina fa tafiditra anatin'ny fifanintsanana hiakarana amin'ny fiadiana ny amboara eran-tany ihany koa izy ity, ka raha ny fantatra dia ireo ekipa roa voalohany amin'ity fiadiana ny tompondakan'i Afrika ity no mahazo ny tapakila hiatrehana ny fiadiana ny amboara eran-tany, hotanterahina hatrany any Kenya, amin'ny volana jolay. Efa any an-toerana moa ny delegasiona malagasy, izay feno fahavononana tanteraka hiatrika ity fifaninanana Iraisam-pirenena ity.

*Efa any an-toerana ny Delegasiona Malagasy.*

**Rabenaivo**


Ireo kapitenin'ny ekipam-pirenena rehetra handray anjara amin'ity fifaninanana ity.

Basket - "Mibala Tournement"

# Ho fantatra rahampitso ireo tompondaka

Hotanterahina rahampitso etsy amin'ny Lapan'ny Kolontsaina sy Fanatanjahantena Mahamasina, ny lalao famaranana ny andiany voalohany amin'ny "Mibala Tournement", taranja basketball. Na teo aza ny savorovoro kely omaly teo amin'ny fihaonan'ny Espa sy ny Ispm dia tsy hanova ireo fandaharam-potoana efa napetraka izany, hoy Rabaonary Tantely, talen'ny serasera eo anivon'ny ISPM. Vao mainka hiezaka hanatsara ny fifaninanana izahay, hoy hatrany ny tenany. Tsiahivina fa 11 segaondra tsy hifaranan'ny lalao no nitranga ny korontana teo amin'ny fihaonan'ny Espa sy ny Ispm. Nisy mihitsy ny fiakarana an-kianja nataon'ireo mpanohana ka voatery najanona ny lalao. Vetivety dia voavaha sy voalamina ihany koa ny teny ambony kianja. Nohamafisin'ny mpikarakara fa efa nandray ny fepetra rehetra ho an'ny fitohizan'ny fifaninanana izy ireo, ka tsy misy intsony ny olana, ary iantson' izy ireo ny mpijery sy mpankafy ity taranja ity ho tonga maro. Manan-talenta, hoy izy, ireo mpianatra ary tena ambony ny haavo teknika. Handravaka ny fifaninanana hatrany ireo hetsika fanentanana iarahana amin'ny mpanakanto, izay tena ankafizin'ny tanora amin'izao.

*Tsy hisy fiovana ny fandaharam-potoana efa voalahatra hatramin'ny voalohany.*

**Rabenaivo**




Rugby - "Sevens Challengers series"

# Raraka teo amin'ny ampahefa-dalana ny Makis vehivavy



Tsy nahadingana ny ampahefa-dalana tamin'ity ny Makis vehivavy.

Tapitra teo amin'ny ampahefa-dalana ny dia ho an'ny Makis vehivavy, nandritra ny "Sevens Challengers series", taranja Rugby. Taorian'ny fandresen'ny ekipam-pirenen' i Pologne azy ireo, tamin'ny isa 19 no ho 5 omaly no nitarika izany. Raha iverenana dia tsara fanombohana ny Makis de Madagasikara, raha nandresy an'i Meksika, tamin'ny isa 26 no ho 7. Lavon-dry zareo Tchèque, tamin'ny isa 7 no ho 12 indray ny Makis taorin'io ary mbola niondrika tamin'ny isa 5 no ho 14 ihany koa. Tafakatra tamin'ny dingan'ny ampahefa-dalana ihany anefa ny ekipam-pirenena malagasy na teo aza ireo faharesena roa azony ireo, saingy teo no tsy tafavoaka intsony izy ireo, rehefa nobahanan'ny ekipam-pirenen'i Pologne ny lalany. Betsaka ny lesoka, antenaina fa nahita sy hanitsy izany ny mpanazatra. Azo lazaina fa nahazoana traikefa betsaka ho an'ireo mpilalao kosa anefa ny zavatra niainana tany Afrika Atsimo. Anisan'izany koa ny fiofanana nandritra ny telo herinandro tany an-toerana. Anisan'ireo nisitraka izany koa moa ireto mpilalaon'ny Makis vehivavy ireto.

**Rabenaivo**

Basket - Mondial " U19 " / Fanomanantena

# Mbola hanao lalao fitsapana telo amin'ny ekipa matihanina any Frantsa ny ekipam-pirenentsika Ankoay

Alohan'ny hiverenany aty an-tanindrazana amin'ny zoma 28/04/2023, dia mbola hiatrika lalao fitsapana telo misesy ny ekipam-pirenentsika Ankoay, any Rennes, kaominina avaratra andrefan'i Frantsa ary any amin' ny faritr'i Bretagne misy mponina 400.000 any ho any. Efa fantatra avokoa ireo ekipa anankitelo hifandona amin-dry Mathias M'Madi sy ry Rino Randimbiarivelo any amin'ny faritr'i Bretagne, dia ny fileovan'ny URB 35 ao anatin'ny sokajy "National Masculin 1", izay hotanterahina amin'ny talata 25/04/2023, sy ny Orgerblon Basket Club "Senior Masculin 1" amin'ny alarobia 26/04/2023 ary ny OCC Basket-Ball "Senior Masculin 1" amin'ny alakamisy 27/04/2023. Ekipa matihanina avokoa ireo hifampitana amin'ny ekipampirenentsika ireo, na dia samy manana ny sokajiny avy aza. Heverina fa hampivelatra sy hampitombo hatrany ny traikefa sy ny lentan-dry Rabibisoa Jerry Pepin / Andriatsiferana Mirando / Emmanuel Yves Victorien Léon / Heritiana Fabrizio Mickaël Patrick / Be Richard Tovolalaina Mariano Sylvain / Tsihindiny Laurent Tahintsoa Junnhio O'Neal – Randrianalinjafy Dina / Raharinaivo Zoherimalal Davida – Raolompanatena Thesbon Sydney ny fihaonana ataony amin'ireo ekipa ireo. Momba ny fiatrehana ny fiadiana ny tompondaka eran-tany « U19 » 2023 any Debrecen – Hongria amin'ny sabotsy 24 jona 2023 ka hatramin'ny alahady 02 jolay 2023, moa dia tsy nisalasala mihitsy ny kapitenin'ny Ankoay Andriatsarafara Lovasoa Ny Aina Anderson, nilaza fa tsy tokony hisy ekipa atahorana sy tsy azo resena izany amin'io fifaninanana io, raha nilaza ny zavatra hitany tany Etazonia, nanaovany fiofanana sy niarahany nilalao tamin'ny ekipa maro tany an-toerana ny lehilahy, nandritra ny volana maromaro. Nitaona ny namany izy hampiakatra tsara ny toetsaina sy hifantoka hatrany amin'ny lalao hatao ary hanaraka tsara ny toromariky ny mpanazatra.

***Fivahinianana any Rennes***

**Ny JAP Mada no nifanaraka tamin'ny kaominin'i Saint Jacques de La Lande**

Mikasika ny fivahinianan'ny ekipam-pirenena Ankoay any amin'ny faritr'i Bretagne izao, dia ny filohan'ny klioban'ny Jouer Participer Arbitrer MADAgascar, manana ny foibeny any Rennes (260 Bis Rue de Nantes 35136 Rennes), Atoa Amad Tombovelo Achiraf, no angady nananana sy vy nahitana tamin' ny fifanarahana, nahazoana ny toeram-pilalaovana "Complexe Sportif Alice Milliat", nifanaovany tamindRtoa Marie Ducamin, ben' ny tanànan'i Saint Jacques de La Lande. Maimaimpoana ny fifanarahana natao tamin'izany ka nahazoana ny kianja mitafo azo ilalaovana mandritra ny telo andro. Fantatra fa rahampitso alahady no higadona any Rennes ny delegasionina malagasy, ahitana mpikambana 25. Mazava ho azy araka izany fa ny kliobann'ny JAP Mada no mandray an-tanana ny fivahinianan'ireo mpiray tanindrazana aminy ireo.

***JAP Mada***

**Mahatratra 45 ny fikambanana mijoro aty Madagasikara**

Nanazava amin'ny antony nananganany ny klioba JAP Mada, Atoa Amad Tombovelo Achiraf, izay nambarany fa niainga tamin'ny fitiavana fanatanjahantena. Mahatsapa izy fa mandalo fahasahiranana ny sehatra ara-panatanjahantena Malagasy. Raha tsy misy, hoy izy, ny ho enti-manana (vola, fitaovana...), ary indrindra fa tsy misy ny mpanohana (sponsors) dia tsy ho lasa lavitra mihitsy ny mpanao fanatanjahantenantsika. "*Any Madagasikara dia betsaka ny ankizy tia fanatanjahantena sy manan-talenta fa tsy ampy mpanohana. Rehefa vita ny fotoana nilalaovako dia nanapa-kevitra aho nanampy azy ireny sy ny firenena. Na dia mbola tsy manana ny ampy loatra aza fa mba manao ny tratry ny heriko aho. Tsy nampoiziko fa nivelatra vetivety ny fikambanana. Betsaka ny kaominina nangataka ny hananganana azy. Tsy mora anefa ny manao zavatra fa aty antany lavitra aty aho no misahana ny fitantanana ny JAP Mada, miara-miasa amin'ny tomponandraikitra napetraka any an-toerana. Efa mahatratra 45 ny isan'ny fkambanana mijoro any Madagasikara amin' izao fotoana izao*". Fikambanana mivelatra amin'ny lafin-javatra maro ny asa fanasoavana ataony.

**aris rafaly**



Amad Tombovelo Achiraf, tompon'antoka amin'ny fivahiniana any Frantsa !



Mahazo dona tsara ny Ankoay !

Tsenaben'ny "plantes"

# Tranoeva hatramin'ny 80 no hampiranty etsy Mahamasina

Hotanterahina amin'ny 1 hatramin'ny 4 jona izao ao amin'ny Lapan'ny Kolontsaina sy Fanatanjahantena Mahamasina ny andiany voalohany amin'ny Tsenaben'ny "plantes". Ny "La Page" no tomponkevitra, ny Rian'ala kosa no mpikarakara. Tranoeva hatramin' ny 80 no ho hita eny antoerana amin'io, araka ny nambaran'i Baholy Sarah, tomponandraikitry ny hetsika. Efa misokatra ny famandrihana tranoeva, izay hifarana amin'ny 30 avrily. Afaka miantso ny laharana 0389781198 na mitsidika ny Fb (Rian'ala), mijery ny andinindininy izay liana amin'izany. Ho hita eny antoerana avokoa mandritra ny 4 andro ny resaka voly, toy ny masomboly, zanakazo, voninkazo (plantes grasses) sy ny (plantes ornementales) no malaza be amin'izao, toy ny (anthurium, amaryllis, bégonia...), ary ireo (plantes vertes). Haranty eny koa ireo vokatra voahodina (produits agro-alimentaires, cosmétiques...), ny fanaingoana vita amin'ny voninkazo isankarazany. Ny hanomezandanja indray ny sehatry ny "agriculture sy horticulture", ny fahasalamana azo avy amin'ny zava-maitso ary ireo vokatra voahodina ka amidy amin'ny tsena no tena voizina amin'ity andiany voalohany ity. Ankoatra izay, hamerenana ilay endriky ny "tsenan'ny Zoma" sy ny nampalaza azy taloha no tiana hampihainana ireo mpitsidika mandritra izany, raha ny nambaran'i Baholy.



Ramatoa Baholy Sarah tomponandraikitra voalohany amin'ity tetikasa ity.

**Rabenaivo**


JIRAMA

JIro sy RAno MAlagasy

**FAMPAHAFANTARANA**

Indro ampahafantarina ny mpanjifa ireo "codes d'Agences" vaovao sy ny masoivoho mifanaraka amin'izany.

Tsy miova ny "référence client" sy ny "tournée" fa ireo tarehimarika telo voalohany (codes d'Agences) no miova mifanaraka amin'ny masoivoho misy anao (Jereo amin'ny ankavian'ny takelaka)

- Tarehimarika miloko manga= tournée teo aloha
- Tarehimarika vonimboasary = tournée vaovao

Marihina ihany koa fa ho hita ao amin'ny faktiora volana Aprily ny "code d'Agence" vaovao mifanaraka amin'ny masoivoho misy anao.

**COMMUNIQUE**

Voici les nouveaux codes et les Agences correspondantes, à l'intention de nos clients.

La référence client et la tournée restent inchangées mais les trois premiers chiffres (code d'Agence) changent selon votre Agence d'affiliation (voir à gauche de l'affiche).

- Nombres en bleu : Ancienne tournée
- Nombres en Orange : Nouvelle tournée

Notez également que le nouveau code d'Agence, correspondant à votre Agence d'affiliation sera inséré dans votre facture de ce mois d'avril.

G-CL 484/7-5

Komity mitandro ny Fahitsiana

# "Tsy misy voasazy ireo trondro vaventy noho ny fiasan'ny depiote"

Taorian'ny nametrahany ny ny tatitry ny asa vitany nandritra ny taona 2022 tany amin'ny Filoham-pirenena dia niroso tamin'ny famoahana izany ampahibemaso mba ho fantatry ny rehetra ireo mpikamban'ny Komity mitandro ny Fahitsiana, na CSI, ny alakamisy teo. Tsy nivilivily Rtoa Sahondra Rabenarivo, filohan'ity Sampandraharaham-panjakana ity, raha nilaza nandritra izany fa mihisatra ny fanatanterahana ny lalàna mifandraika amin'ny ady amin'ny kolikoly eto Madagasikara ary tsy dia hita taratra loatra ny finiavana politika hirosoana amin'izany. Noraisiny ohatra amin'izany ny fanenjehana ireo tomponandraiki-panjakana ambony manana dosie eny anivon'ny Fitsarana Avo na HCJ, izay efa voapetraka eny anivon'ny Antenimierampirenena an-taonany maro izao. Mahatsikaritra Rtoa Sahondra Rabenarivo ao anatin'izany fa lalaovin'ireo solombavambahoaka ny fandinihana ireo dosie mahasaringotra olom-panjakana teo aloha avy eny amin'ny Fitsarana Avo ireo.



**Manaitra ny depiote hanao vaindohan-daharaha handinika ireo dosie nalefan'ny HCJ ny CSI.**

**Sakana**

Nambarany mihitsy fa lasa sakana amin'ny fitohizan'ny asan'izany Fitsarana manokana izany ny Antenimierampirenena ka hatramin' izao dia mbola tsy misy voasazy mihitsy ireo trondro vaventy ahiahiana ho nanao kolikoly sy nandika lalàna teto. Raha tsiahivina dia tsy nivoaka nandritra ireo fivoriana nisesisesy teny amin' ny Antenimierampirenena hatrany ny valin'ny fandinihana nataon'ireo solombavambahoaka mikasika ireo dosie mahavoasaringotra olona ambony ireo. Hitodika eny anivon'ny parlemantera indray ny mason'ny mpanara-baovao manomboka ny volana mey izao ka andrasana indray raha hisy tohiny ireo dosie mahavoasaringotra olompanjakana ambony na ahoana.

**Mamy R.**

Marc Ravalomanana

# Mitety fokontany manara-maso ny lisitry ny mpifidy

Taorian'ny teny Faravohitra sy Alasora ary Ambohipo dia nidina ifotony nanampy ny olom-pirenena nanamarina ny anarany ao anaty lisi-pifidianana teny amin'ny fokontany Ambohimiadana Atsimo, eny Ambohimanarina, Ing. Marc Ravalomanana, omaly. Nanamarika ity filohan'ny antoko Tiako i Madagasikara ity taorian' izany fa andro vitsivitsy sisa no isaina dia ho tapitra ny roapolo andro ahafahan'ny rehetra manamarina ny mombamomba azy sy manoratra ny anarany eny anivon'ny fokontany ka mila mihetsiketsika manao izany ny rehetra. « *Kihon-dalana lehibe izao fotoana izao koa mandehana any amin'ny fokontany misy anao. Jereo ny anaranao ary hamarino tsara raha ao anaty lisipifidianana. Apetraho ny fitarainana amin'izay diso rehetra, eny fa na dia kely aza. Raha tsy ao ny anaranao dia soraty avy hatrany ao amin ny fokontany misy anao eo no ho eo ihany*», hoy Ing. Marc Ravalomanana tamin'izany.



**Tsy manan-kery intsony**

Ambonin'izany, nasiany tsindrim-peo manokana ny tokony ataon'ny rehetra mandritra izao fanavaozana tanteraka ny lisi-pifidianana izao. "*Tsy manan-kery intsony ny lisi-pifidianana teo aloha rehetra ary tsy maintsy misoratra anarana avokoa ny olom-pirenena na dia efa mpifidy teo aloha aza*", hoy ity laharana voalohany eo anivon'ny antoko TIM ity. Mifanindrandàlana amin'izay ihany, manome toky ny Malagasy ny tenany fa hiady mafy mba hisian'ny fifidianana amin'ity taona ity satria hoe tsy misy afa-tsy ny fifidianana ihany no hahafahana mitondra sy manatanteraka ny paikady hamoahana ny firenena ao anatin'izao fahantrana izao. Farany, raha tsy misy ny fiovana dia any amin'iny tapany avaratry ny Nosy iny indray ny Filoha teo aloha Marc Ravalomanana no hanampy ny olom-pirenena hanamarina ny anarany anaty lisipifidianana amin'ity faran'ny herinandro ity.

**Mamy R.**

Depiote Todisoa Andriamampandry

# Mampitandrina ireo tomponandraikitra manivana olona ampidirina anaty lisi-pifidianana

Namaky bantsilana ireo endrika fandikan-dalàna mitranga eny Ambohimanarina amin'izao fotoana fanatanterahana ny fanavaozana tanteraka ny lisipifidianana izao ny depiote Todisoa Andriamampandry, omaly. Notsipihany tamin' izany fa misy tomponandraikitra tsy menatra ny manome baiko mba hanivanana ny olom-pirenena feno taona ampidirina ao anaty lisipifidianana eny amin'ny Boriboritany nahalany azy iny. « *Maro ny zavatra tsy manjary sy tsy mandeha amin'ny laoniny manodidina ny fanatanterahana ny fanavaozana tanteraka ny lisi-pifidianana ety Ambohimanarina. Mitaraina ny ankamaroan'ireo «zanak'i dada» fa na dia efa nisoratra anarana anaty lisipifidianana aza izy ireo dia tsy tafiditra ao anatin'izany rehefa tonga teny anivon'ny Fokontany ny lisitra natontan'ny CENI. Tsy vitan'izany ihany fa raha sendra mba tafiditra ao anatin'ny lisipifidianana dia diso ny mombamomba azy. Niditra an-tsehatra nanao fanadihadihana momba izany izahay ka tamin'izany no nahafantarana fa fanahy iniana mihitsy ny tsy anoratana ny anaran'ireo mpomba ny filoha teo aloha Marc Ravalomanana ary tomponandraikitra ambony no manome baiko amin' izany. Dia mampitandrina izahay fa tsy hitazampotsiny izany trangan-javatra izany satria fanohintohinana ny zon'ny olompirenena izany sady tsy hitondra fitoniana sy fandrosoana mihitsy* », hoy ity depiote TIM ity tamin'izany.


**Nidina ifotony nanampy ny olom-pirenena nanamarina ny anarany teny anivon'ny Fokontany depiote Todisoa, omaly.**

**Tsy tokony ho variana**

Manaraka izany, mbola namerina nanentana ny rehetra hisoratra anarana anaty lisi-pifidianana sy hanamarina ny mombamomba azy eny anivon'ny fokontany ny depiote Todisoa. Notsipihany tamin'izany fa tsy tokony ho variana amin'ny fitadiavana sy ny fahasahiranana vokatry ny fiakaran'ny vidim-piainana ny vahoaka fa hiomana amin'ny fifidianana amin'ny alalan'ny fisoratana anarana ao anatin'ny lisitry ny mpifidy satria tsy misy afatsy izany aloha hatreto ny vahaolana hivoahana amin'izao fahantrana izao.

**Mamy R.**

Hetsika voasakana tao Fandriana

# Nitory eny amin'ny Fitsarana ny antoko MMM

Taorian'ny fanakanan'ny Sefo distrika ny hetsika saika hataon'ny antoko MMM omaly zoma tao amin'ny kaominina Imito, distrikan'i Fandriana, dia niroso avy hatrany amin'ny dingana lalindalina kokoa izy ireo. Nitory eny amin'ny Fitsarana misahana ny ady amin'ny fanjakana any Fianarantsoa ny MMM any Amoron'i Mania, tarihin'ny mpandrindram-paritra, ny Me Maminirina Josoa, sy ny mpandrindra lefitra, Matsiatra Ambony, Rakonirina Bruno. « *Tafapetraka ny fitoriana momba ny fanakanana ny hetsika tany Fandriana, raha nanaiky ny hanaovana izany ny ben'ny tanàna nefa nolavin'ny sefo distrika* », hoy izy ireo. Ankoatra ny fitoriana momba ny fampiatoana ilay fandrarana "Suspension de l'interdiction", dia eo ihany koa ny fanafoanana ny fandrarana "Annulation de l'interdiction". Nanamafy ireto mpikamban'ny antoko MMM ireto fa tafiditra amin'ny asa sy adidin'ny antoko ny mihaona amin'ny vahoaka sy ny mpikambana mba hifanakalo hevitra, manoloana ny raharaham-pirenena. Io no anton'ny nikasana ny hanaovana ny hetsika. Nilaza mpikamban'ny birao politika, Atoa Ratavilahy Andry, fa nanaraka ny dingana momba ny lalàna mifehy ny antoko politika ny ataon'izy ireo amin'ireny hetsika ireny. "*Mandray anjara koa amin'ny fitaizana sy ny fanabezana ny olompirenena sy ny fizarana ny fotokevitry ny MMM. Mamolavola ny mpikambana sy manao tatitra ny fiainambahoaka sy ny raharahampirenena. Narahin'ny antoko avokoa ny dingana rehetra voalazan'ny lalàna* », hoy izy.


**Ny Me Josoa Maminirina, Mpandrindram-paritry ny antoko MMM ao Amoron'i Mania.**

**Mizana tsindriana ila**

Nanamarika ny MMM fa misy ny mizana tsindriana ila, satria nahazo alalana, tsy nisy sakantsakana ny hetsiky ny antoko manohana ny fitondrana. Anisan' izany ny Freedom teny Ivato, ny 17 marsa sy ny tany Toamasina ny 14 avrily. Ny tany Vohemar 18 avrily teo. Nambarany fa fihetsika efa nilaozan'ny toetr'andro ny fanakantsakanana hetsika tahaka izao ary marika mampalemy ny fanjakama. Tsiahivina fa tokony ho nihaona tamin'ny vahoakan'i Fandriana ny mpitarika ny MMM ary nokasaina hatao amin'ny toerana voatokana izany. Fotoana koa io tokony ho nitsidihan'ny mpitarika ny MMM ny BEN'NY tanàna lany tamin'ny anaran'ity antoko ity, ao amin'ny kaominina Imito saingy izao tsy tanteraka izao.

**JUDD**

Filoha Andry Rajoelina

# Niara-nankalaza ny Eid El Fitr tamin'ireo mpino silamo

Ho fiombonana amin'ireo mpino silamo eto amintsika dia niara-nankalaza ny fetin' ny Eid El Fitr izay famaranana ny volana Ramadan tamin' izy ireo tetsy Ambodivona ny Filohan'ny Repoblika Andry Rajoelina. Nambarany tamin' ny fandraisam-pitenena nataony fa ilaina ny finoana mampandroso ny tsirairay. «*Miray fo aminareo aho satria Malagasy ianareo. Mila hajaina ny finoan'ny rehetra ary zava-dehibe ny hisian'ny firaisam-po sy ny firaisantsaina* », hoy ny Filoha Andry Rajoelina. Nohamafisiny fa ny firahalahiana tahaka izao no hisian'ny firaisankina aratsosialy eo amin'ny samy mpiara-belona. Feno dia feno moa ny fandaharam-potoan' ny Filohan'ny Repoblika omaly. Ankoatra ny lanonana tetsy Ambodivona, dia nandray anjara tamin'ny fanokafana ny fankalazana ny faha-20 taonan'ny Tetik'Asa Ankizy Krismasy (TAK) teto Madagasikara sy ny faha-30 taonan'ny Samaritan's purse ny Filoham-pirenena Andry Rajoelina. Nomarihany fa zava-dehibe ny fisian'ny tetikasa manasoa ny mpiara-belona tahaka itony ary ilaina tokoa ny fanabeazana ireo ankizy ao anatin'ny finoana, ankoatra ny fianarana ankapobeny efa azon'ireo eny antsekoly. Ankizy manodidina ny 3 tapitrisa no efa nahazo fanomezana avy amin'ny Samaritan's purse sy ny TAK tao anatin'izay 20 taona nisiany teto Madagasikara izay. Miisa 20.000 ireo nozaraina ireo fanomezana « Shoesbox » tao amin'ny Kianja Barea omaly.



**Ny Filoha Rajoelina niara-nifaly tamin'ireo mpino silamo tetsy Ambodivona.**

**Namaly ny hetahetany**

Nialoha ireo dia nanolotra fanomezana manokana ho an-dRtoakely Rasoanaivo Laura tetsy Ambohitsorohitra ny Filoha ny alakamisy teo. Anton'izany dia noho ny fahazoan'ity atleta malagasy ity ny vokatra tsara teo amin'ny taranja judo ka nahatonga azy teo amin'ny laharana voalohany maneran-tany eo amin'ny sokajy junior. Namaly avy hatrany ny hetahetany moa ny Filoham-pirenena ka nanolotra ho azy moto iray miaraka amin'ny kojakoja ilaina amin'izany mba hanampiana azy amin'ny fivezivezena sy ny fanazarantena.

**JUDD**

Fikambanana misehatra amin'ny fiarovana ny zon'olombelona

# Manohana ny hisian'ny fifampidinihana naroson'ny FFKM

Toy ny ankamaroan'ny olompirenena dia mahatsapa ny fikambanana misehatra amin' ny fiarovana ny zon'olombelona mivondrona ao amin'ny VAZO-GTHD fa loza mitatao ho an'ny firaisam-pirenena sy ny fandriampahalemana sady miteraka tsy fahamarinantoeran'ny Andrimpanjakana sy tsy fahatoniana ny tsy fanajana ny zo fototra haneho hevitra an-kahalalahana ataon'ny mpitondra. Manoloana izany dia namoaka fanambarana miaraka ny fikambanana, ahitana ny CNPC, Fiantso-Ong Madagasikara, Ilon-tsera, KMF/CNOE Fanabeazana, ASDFEM, Liberty 32, Ccès Zon'olombelona, OSCIE, CRAAD-OI, ONDH, PFNOSCM…, tamin' ny 17 aprily lasa teo fa manohana ny hisian'ny fifampidinihana an-databatra boribory, soso-kevitra naroson'ny FFKM, mba hisian'ny fitoniana eto amin'ny firenena sy ny fanajana ny lalàna iraisampirenena. Tanjona, hoy ihany ireo fikambanana misehatra amin'ny fiarovana ny zon' olombelona, ny mba hahatongavana amin'ny fepetra takian'ny fanatanterahana ny fifidianana, ao anatin'ny filaminana.

**Niafara tamin'ny fitoriana!**

Na dia tsy namaritra mazava io ambaran'izy ireo fa tsy fanajana ny zo fototra io aza ny fanambarana dia tsy isalasalana ny milaza fa ao anatin' izany ny fanapahana navoakan'ny minisiteran'ny atitany, tamin'ny 4 aprily lasa teo, mandrara ny famoriambahoaka ataon'ny mpanao pôlitika tsy mitovy hevitra amin' ny mpitondra. Fanapahankevitra ambaran'ny mpanao pôlitika aty amin'ny fanoherana fa sady tsy manaja lalam-panorenana no manohitra ny fifanarahana iraisampirenena nosoniavin'i Madagasikara ary miendrika fanamparam-pahefana ihany koa. Niharihary ohatra izany, tany amin'iny faritra avaratry ny Nosy iny, nandritra ny famoriam-bahoaka nataon' ny depiote Siteny Randrianasoloniaiko, izay niafara tamin'ny fanalana tamin'ny toerany ny lehiben'ny distrikan'Andapa. Ankoatra izay, niharan'ny sakantsakana ihany koa ny mpikambana ao amin'ny antoko Malagasy Miara-Miainga, tany Imito (distrikan'i Fandriana). Antony nahatonga ny MMM nampiditra fitoriana, eny anivon'ny fitsarana miady amin'ny fanjakana. Andrasana izay ho tohin' ny raharaha.

**V.R.**

OJM

# Manomana ny fizarana karatry ny mpanao gazety, andiany fahatelo

Antontan-taratasy miisa fito amby fitopolo no voadiniky ny vaomierampirenena mikarakara ny fizarana karatry ny mpanao gazety, tamin'ny alarobia lasa teo. Araka ny loharanom-baovao avy amin'ny mpanomana dia dimampolo eo ho eo sisa no tavela. Nambaran'ny vaomiera fa hentitra ny sivana. Na izany na tsy izany, mahazo avarapatana foana ireo mpangataka manana fahaizana manokana momba ny asangazety. Raha voatazona ny fomba fiasa dia vinavinaina havoaka alohan'ny fisasahan'ny volana jiona ny dosie voadinik'izy ireo. Voalaza anefa fa tsy hihoatra ny roa arivo ny mpanao gazety hanana karatra ...Nomarihin' ny tompon'andraikitra fa somary tafahoatra loatra ny isan'ny zokiolona nahazo karatra, tany am-boalohany. Vokany, tsy maintsy fehezina ny hafanam-pon'ny zokiolona na dia mpanao gazety manana ny traikefany aza izy ireo...Mahatsapa izany tsara ny tompon'andraikitry ny CJD sy ny ao amin'ny GEPIM ary indrindra indrindra ny OJM, tarihin'ny filohany Monica Rasoloarisoa...

**V.R.**

## Marina izany !

### Mahabe resaka !

**Mbola lavitra ezaka ny fanomanana fifidianana madio sy mangaraharaha ary eken'ny rehetra, araka ny fanirian'ny ankamaroan'ny mpanao pôlitika, sady ambetin-dresaky ny Vaomiera Manokana Misahana ny Fifidianana. Mahabe resaka mantsy tato ho ato ny lisi-pifidianana. Ankoatra ireo lazaina fa anarana miverin-droa farafahakeliny nesorina dia tsy vitsy ny olom-pirenena no maneho hevitra, eny amin'ny tambajotra sôsialy fa tsy ao anaty lisitra, nefa nisoratra anarana tany amin'ny fokontany. Soa ihany fa mbola manana andro vitsivitsy hanarenana izany, taorian'ny fanakatonana vonjimaika ny lisitra. Ny antenaina dia mba handeha araka ny tokony ho izy ny fomba fiasa. Ankoatra izay, fantatra fa mbola olana goavana ihany koa ny tsy fahampian'ny hoenti-manana, hanatanterahana fifidianana. Efa notaterina teto ombieny ombieny fa ny ampahatelon'ny bolongam-bola ilaina no voasoratra ao anatin'ny tetibolam-panjakana, nolanian' ny mpanatanteraka. Itsy farany izay mbola mampametra-panontaniana ny amin'ny hoe sorabola ihany ve ? Mbola fanontaniana mipetraka ihany koa ny hoe: Hanome fanampiana, amin'ny alalan'ny fandrotsaham-bola ao anatin'ny " basket fund " ve ireo mpiara-miombona antoka amintsika any ivelany? Ny zava-misy hatreto aloha dia marisarisa ny fianakaviambe iraisam-pirenena ny hamoaka vola, tsy mahakasika ny fanomanana fifidianana ihany fa ny famatsiam-bola ny tetikasa eto amintsika amin'ny ankapobeny mihitsy, ankoatra ireo mitsinjo ny maha olona. Asa, mahatsinjotsinjo zavatra ve ny mpiara-miombona antoka amintsika any ivelany ka aleony mbola mitazan-davitra aloha? Mbola fanontaniana manitikitika ihany koa ny hoe : tena misy ve ny fahavononana hanao fifidianana ?**

**Voahangy Rakotozafy**

Kajikajy pôlitika

# Manomboka mifanatona miafina ireo manana tombontsoa iraisana

Fito volana eo ho eo alohan'ny daty hanatanterahana fifidianana, toa voamarina ilay fomba fiteny hoe: amin'ny pôlitika, tsy misy izany hoe finamanana maharitra izany fa ny tombontsoa iombonana no mampitambatra. Tsiliantsofina mantsy no nahafantarana fa misy manomboka mifanatona ary manatanteraka fivoriana miafina, andro vitsivitsy lasa izao, ny mpanao pôlitika fantatra fa tsy mitovy firehan-kevitra, saingy manana tombontsoa iraisana. Na dia tsy nahazoam-baovao marim-pototra aza mantsy ny votoatin' ny dinika nifanaovany dia nanaitra ny fahitana azy ireo niara-nivory, na dia efa nanao fanambarana nazava aza fa mpanohitra izao fanjakana mijoro izao. Inona no tanjona? Iza no heverina fa fahavalo iombonana ka tsy maintsy ifandrombonana ny fanakantsakanana azy? Inona no mety handraisan'ny olon-tsotra ny fihetsiky ny mpanao pôlitika tsy mijery afa-tsy ny tombontsoa manokana toy izany? Inona no mety ho fiantraikan'izany eo amin'ny fiainampirenena izay efa tsikaritra ho latsaka anaty lavaka mangitsokitsoky ny fahantrana?

**V.R.**

**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

**AVIS DE MODIFICATION**

Sté CITY COMPANY SARLU
NIF : 3011967029, Stat. : 46101 11 2022 0 11096, RCS : 2022 B 1058
Lot AB 317 Avaratetezana Ampitatafika, Analamanga 102
Changement d'activité : Importateur de matériels et équipements de quincaillerie, industriels, textiles, agricoles et BTP, pièces détachées, matériels et équipements de bureau - Activité de négoce et prestation de services commerciaux.
Suivant PV enregistré du 19/04/23 n° 05, F° 28 Vol. S/V.
Le gérant et l'associé unique
MANAMPISOA Hajaniaina Emenalde
G-CL 494/1-1

## Sarisary zary tenany

*Tsy ampy tsy lany*




## Hatsikana an-tsary

*Tsy namaly*




## Masoandro Miposaka

**Apokalypsy 1 : 17-18**

Ary raha nahita Azy aho, dia lavo niankohoka tahaka ny maty teo anoloan'ny tongony. Fa Izy nanendry ahy tamin'ny tànany ankavanana ka nanao hoe: Aza matahotra; Izaho no Voalohany sy Farany, dia Ilay velona; efa maty Aho, nefa, indro, velona mandrakizay mandrakizay sady manana ny fanalahidin'ny fahafatesana sy ny fiainan-tsi-hita.

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Izay iray zaza no iray tafasiry.**

Ceux qui ont les mêmes enfants ont les mêmes entretiens.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2932

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 6 | | | | | | | | 7 |
| | | | | 4 | | 6 | | |
| | | | 9 | | | 1 | | |
| | 3 | | 8 | | | 4 | 5 | |
| 2 | | | | 3 | | 7 | | 8 |
| | 9 | | | | 5 | | 1 | |
| | 6 | 5 | | | 3 | 8 | | |
| | | 2 | | | | | | |
| 8 | | | | | 2 | | 4 | 3 |

Valin'ny laharana 2931

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 4 | 2 | 8 | 5 | 3 | 7 | 9 | 1 | 6 |
| 9 | 6 | 5 | 8 | 4 | 1 | 3 | 2 | 7 |
| 7 | 1 | 3 | 9 | 2 | 6 | 5 | 4 | 8 |
| 6 | 7 | 2 | 1 | 8 | 3 | 4 | 9 | 5 |
| 8 | 3 | 9 | 2 | 5 | 4 | 7 | 6 | 1 |
| 1 | 5 | 4 | 7 | 6 | 9 | 8 | 3 | 2 |
| 5 | 8 | 6 | 4 | 9 | 2 | 1 | 7 | 3 |
| 3 | 4 | 7 | 6 | 1 | 8 | 2 | 5 | 9 |
| 2 | 9 | 1 | 3 | 7 | 5 | 6 | 8 | 4 |

Rio Tinto - 150 taona

# Nampiakatra ny toekarena ary nitondra fampandrosoana ho an'i Madagasikara




**Ny lohahevitra nofidiana tamin'ity faha-150 taona ity dia ny hoe "Isika".**

Taorian'ny fankalazana ny faha-150 taonan'ny QMM tany Taolagnaro, niarahana tamin'ny mpiasa ny faran'ny volana marsa lasa teo izay niarahana tamin'ireo mpandraharaha, mpiara-miombona antoka ary mpanao gazety, ny talata 11 avrily teo, dia anjaran'Antananarivo no nanamarika izany herinandro lasa izay. Tetsy amin'ny Hotel Carlton Anosy no nanatanterahana ny lanonana izay natrehan' ny Minisitry ny Raharaham-bahiny, ny solontenam-panjakana, ny diplaomaty vahiny, ny fikambanana iraisam-pirenena, ny fiarahamonim-pirenena ary ny sehatra tsy miankina ary ny haino aman-jery. Ny lohahevitra nofidiana tamin'ity faha-150 taona ity dia ny hoe "Isika". Raha ny fanazavana dia ny rehetra no niara-nifarimbona sy nifampitan-tsoraka ka nampaharitra ny orinasa "Rio tinto". Nambaran-dRtoa Yvette Sylla, minisitry ny Raharaham-bahiny, fa "hatramin'ny taona 1998, taona nanaovana sonia ny fifanarahana teo amin'ny fanjakana malagasy sy ny orinasa mpitrandraka harena ankibon'ny tany Rio Tinto, dia niroso tamin'ny fiarahamiasa marina ny roa tonta amin'ny fampandrosoana ny tetikasa fitrandrahana izay niteraka asa, nampiakatra ny toekarena ary nitondra ny fampandrosoana ho an'i Madagasikara". Tetsy ankilany, nisaotra ny rehetra i David-Alexandre Tremblay, tale Jeneralin'ny QMM, nandritra ny lahateniny. "Nandritra ny 150 taona dia niatrika fanamby izahay, namolavola vahaolana, nankalaza ny fahombiazanay ary nianatra tamin'ny tsy fahombiazanay". Matoa ny orinasa mbola mijoro dia teo ny fokonolona, ??ny ben'ny tanàna, ny fiarahamonim-pirenena, ny tompon'andraiki-panjakana, ny mpandraharaha, ny mpiara-miombona antoka izay mamela anay hiroso amin'ny fanatanterahana ny tetikasanay ».

*Vitsy ny orinasa maharitra hatramin'ny 150 taona ary tsy misy afaka miaina amin'izany taona izany ny olona iray. Nandritra ireo taona rehetra ireo, ny vondrona Rio Tinto dia manana tantara sy lova hozaraina ho an'ny taranaka any aoriana.*

Taorian'ny lahateny nifanesy, toy ny natao tany Fort Dauphin, dia nisy ny fanolorana amboara ho an'ireo mpiasa ambony indrindra.

**Nangonin'i Tiaray R**

**Gazetiko**
novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :**
Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :**
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :**
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :**
Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél.:** 22 697 79 / 22 697 80
**Fax**. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
**D.L.I.:** 16 046 - 04 - 23
**Isan'ny natonta :** 25 000

## Nahandro

### Tissam sy patsa mena

**Zavatra ilaina :** anana tissam, patsa mena, tongolobe, tongolo gasy, sakamalao, voatabia, menaka, curry.

**Fikarakarana azy :** Rehefa voadio sy voakarakara tsara ny patsa mena dia atao saosy miaraka amin'ny voatabia sy tongolo ary ny tongolo gasy sy sakamalao voatoto. Asiana curry kely. Rehefa mahazo loko dia tetehina ny anana efa madio. Somary atao vaventiventy ny tetiny. Arotsaka avy hatrany ary haroharoina dia avela hiketrika. Tsy atao masaka be fa ilay somary mantamanta iny ny anana no tsara. Esorina rehefa hita fa masaka. Azo atao laoka tsara.

## MANAMPY ANAO

### PERMANENCES 22 au 28 avril 2023

**PHARMACIE DE GARDE**
**Périphérie d'ANTANANARIVO**
**24H/24H et 7j/7**

Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy- 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohibao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy- 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandroseza- 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohidratrimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimangakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy- 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amoronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarihy Ankaraobato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa Ny Aina -Tsarahonenana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankaraobato en face CSBII - 034 64 330 62

**A.M.I.T.**
BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

**OSTIE**
AMBOHIMANARINA TEL 23 253 78
TANJOMBATO TEL 22 464 87/22 477 61

**AMBULANCE**
- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 /033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostique et d'urgence médical) TEL 22 329 56/ 032 07 822 28/ 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
-AMBULANCE ET URGENCE CRTM-OI - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

**HOPITAUX ET CLINIQUES**
- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55
- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMA-NANDRAIBE
- IMMEUBLE RALISON -ANTANIMENA
- OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- LINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHITSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 22 271 47

Tafika malagasy

# Notoloran'ny Filoha angidim-by vaovao "Airbus H130"




**Ilay angidim-by vaovao " Airbus H130 ".**

Fararanon-danonana teny amin'ny Toby Ismaël Mounibou Ivato (1˚Bataillon Parachu-tiste), ny alakamisy teo. Voalohany amin'izany ny famindram-pibaikona teo amin'ny kaomandin'ny fari-piarovana sy filaminana Ikopa sy ny fanaovambeloma ny Jeneraly Saifoudine Nandrasana Hassanaly, ary ny fanoloran'ny filoha Andry Rajoelina ilay fanalahidin'ny angidim-by vaovao « Airbus H130 ». « *Tafiditra anatin'ny velirano voalohany, satria izay nampanantenaiko dia tsy maintsy tanteraka,. Ny velirano voalohany nataotsika tamin'ny vahoaka dia hametraka fandriam-pahalemana maharitra . Natao izao fanomezana angidim-by izao mba hanampiana ny mpitandro filaminana amin'ny fiadiana amin'ny asan-dahalo manerana ny Nosy ary ihany koa hanavotana ireo traboina isaky ny vanim-potoana maha betsaka ny rivo-doza* », hoy ny nambaran'ny filohan'ny repoblika sady Filoha Faratampon'ny Foloalindahy ihany koa, tamin'ny lahateniny. Marihina fa ankoatra ny asa ho an'ny fametrahana fandriam-pahalemana maharitra ataon'ny Tafika dia azo amitana iraka toy ny fitaterana ireo marary sy hiadiana amin'ny loza toy ny doro tanety ity angidimby vaovao ity. Mahazaka olona fito izy io ary entana milanja hatramin' ny 980 kg. Nandritra ny kabary nataon'ny filoha dia nanamafy hatrany ny fanohanany ny Foloalindahy ho fanomezandanja ny asa masina izay iantsorohan'izy ireo manerana ny Nosy.

**Mahery fo**

Tao anatin'ity lanonana ity ihany koa no notanterahina ny famindram-pibaikoana teo amin'ny Jeneraly Saifoudine Nandrasana Hassanaly, komandin'ny fari-piarovana sy filaminana Ikopa teo aloha, sy ny Jeneraly Razafy Andrianarivony Ratsisetraina Rivo, komandy vaovao. Niroso tamin'ny fanaovambeloma ara-miaramila ho an'ny Jeneraly Saifoudine avy eo. Izy dia handeha hisotro ronono rehefa nahavita ny adidy ho an'ny Tanindrazana nandritra ny 36 taona. Ny Jeneraly Saifoudine Nandrasana Hassanaly dia fantatra tamin'ny toetrany mahitsy sy mijoro hatrany ho an'ny Tanindrazana. Anisan'ny nahafantaran'ny be sy ny maro azy ny filatsahana an'elon'aina nataony eny Mahamasina rehefa fetim-pirenena na dia efa 56 taona aza ny tenany. Ity manambonahitra ity rahateo dia mpanao vy very ny ainy ary efa betsaka ny sehatra nolalovany na teto an-toerana na tany ivelany ka nampitombo hatrany ny fahaiza-manaony. Tsiahivina fa nankasitraka manokana ny Jeneraly Saifoudine Nandrasana Hassanaly ny filoha Rwandais Paul Kagamé, raha nanatrika mivantana ny matso lehibe tetsy Mahamasina ny taona 2019. Ny filoha Rajoelina ihany koa dia nankasitraka ny Jeneraly Saifoudine tamin' ireo zava-bitany teo anivon'ny tafika sy nirary soa azy.

**Ariel D.**

## TELEFAONINA ILAINA

- MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE OXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94/ 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY - TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUMTEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)

ESPACE MEDICAL / SOS Médecins
- AMBODIVONA TEL 22 625 66/ 034 02 088 16/ 034 02 00 911

CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL
- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32/ 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

CENTRE DE CONSULTATION AROVY ATRIUM ANKORONDRANO
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

**POMPIERS**
- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

**POLICE SECOURS - GIR**
- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

**COMMISSARIATS**
- 1er ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
-3e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8e ARRONDISSEMENT ANALAMAHITSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

HUISSIERS
- MAITRE RAKOTONOMBANA BAHOLY LOT III E 39 AMPATSAKANA - TEL 034 18 690 20
- MAITRE RANDRIAMBOLOLONA DELACY LOT30 A IMERINAFOVOANY TEL 032 41 860 50/ 34 468 05

Zavamahadomelina - Roro

# “Ankizy dimy isan-kerinandro no tonga mitady vonjy”, hoy ny Dr Rabenoro Mihaja

*Rehefa zatra mitsindrona roro ka tsy mahazo ilay daozy dia lasa marary ny vatana, manaintaina ary mangotsoka ny vanin-taolana rehetra.*

Zavadoza ny voka-dratsy ateraky ny fiankinan-doha amin'ny zavamahadomelina, indrindra fa ilay antsoina hoe roro. Izany no tokony hanaraha-maso, hisorohana ary indrindra hifadiana azy raha mbola tsy tafiditra. Araka ny fanazavan'ny Dr Rabenoro Mihaja, psychiatre na mpitsabo mandray an-tanana ara-tsaina ireo olona tafiditra ao anatin'ity zavamahadomelina ity. *“Tsara ho fantatra fa ny roro dia akora simika ary ilay miparitaka eto amintsika dia efa misy fangaro zavatra hafa. Ny atidoha no tena voa voalohany ka lasa misy fiankinan-doha amin'ilay roro izay mitsindrona azy io. Ny tena loza anefa, rehefa tafiditra ao anatiny ka tsy mahazo ilay daozy dia lasa marary ny vatana, manaintaina ary mangotsoka ny vanin-taolana rehetra. Rehefa mandray azy io anio, ampitso dia efa mitady sy mikaroka ary manao izay fomba rehetra hahazoana ilay daozy. Raha sanatria tsy mahazo azy dia lasa marary, malemy ary mitovy amin'ireny olona voan'ny tazo mahery ireny mihitsy.”* Tsy voatery ho ny ankizy sy tanora ihany no tafiditra ao anatiny fa betsaka ihany koa ireo olon-dehibe. Tao anatin'ny 2 taona izay no nirongatra izay tsy izy ny isan'ireo olona tafiditra lalina ao anatin'ny zavamahadomelina. *“Ho anay eny amin'ny toby mandray ireo ankizy midoroka zavamahadomelina eny Imeritsiatosika dia misy tanora 5 isan-kerinandro tonga mitady vonjy sy fitsaboana. Ny saram-pitsirihina amin'ny voalohany tsy lafo fa ny fitsaboana sy ny fanafody mikasika ny “psychiatrie” mihitsy no tena lafo”*, hoy hatrany ny fanazavan'ny Dr Mihaja Rabenoro. Ny olana dia tsy ny ray aman-dreny rehetra no manana fahafahana mitondra ny zanany noho io halafon'ny fitsaboina io. Io isa io no fantatra, fa betsaka lavitra noho ireo dimy ireo ny tanora roboka ao anatin'izany fidorohana zava-mahadomelina izany eto amintsika. Vokany, ireny zava-doza hita eny anivon'ny fiaraha-monina ireny no mitranga. “Anisan' ny olana ngeza be sedrain' ireo tanora tafiditra ao anatin'ity zavamahadomelina ity, indrindra ny roro, dia miakatra foana ny filana sy ny daozy tadiavin'ny tanora iray. Raha 1 grama no tsindrominy anio, rahampitso miakatra 2 grama ary afaka tapabolana lasa 3 grama. Manova ny toetran'ny tanora izany, satria vidiana lafo ilay roro ka rehefa tsy manambola dia lasa maditra, mangalatra ary manao izay fomba rehetra hahazoany azy. Baikon'io zavamahadomelina io izy ary tena marary raha vao tsy mahita. Tsy filana fotsiny fa miankindoha tanteraka mihitsy ilay tanora ka miseho daholo ny karazana hadalana rehetra fa tsy voafehy intsony ny filany. Somary maharitra ny fitsaboana fa arakaraka ny fiankinan-dohan'ilay tanora ihany anefa. Ny zavamisy, aorian'ny fitsaboana, raha sanatria mbola midoroka indray mandeha ilay tanora dia 10% ny tahan'ny fiverenany ao anaty zavamahadomelina, raha indroa dia tafakatra hatrany amin'ny 50 isanjato izany hoe tena sarotra ary kely ny fanentenana fa mbola ho afaka ao anatin'io zavamahadomelina io izy. Tena ilaina ny fanohanana ara-tsaina omen'ny manodidina sy ny fianakaviana mandritra ny fitsaboana.



**Loza mitatao eto amintsika ny fiparitahan'ity roro ity ka tokony handraisana fepetra hentitra.**

*Loza ho an'ny fiarahamonina*

Efa miparitaka be eny anivon'ny fiarahamonina ilay zavamahadomelina ka ahiana ny tsy hifehezan'ny tomponandraikitra ny toedraharaha raha ny zavamisy ankehitriny. Tovolahy 5 eo anelanelan'ny 14 hatramin'ny 16 taona amin' ireny tsy manan-kialofana ireny no tafaresaka, tokony ho tamin'ny 10 ora alina, fa mila roro ny vatany ka mila mikandra kely izy ireo. Rehefa nohenoina tsara anefa ny resany dia hanendaka na hamaky fiara izy ireo mba hahafahana mividy ilay roro. Manodidina ilay roro ny androm-piainan'ireo tanora ka manova ny fijeriny sy ny fiainany iray manontolo io zavamahadomelina io. Iarahan'ny rehetra mahita fa mirongatra izay tsy izy ny sinto-mahery, fanolanana, halatra ary indrindra ny vono lona tato ho ato. Betsaka ireo miteny fa noho ny fidorohana zavamahadomelina no anton' izay. Entanina ireo izay mpamonjy fety eo amin'ny samy mpinamana mba ho mailo amin'ny zavatra hanina na ihany koa sotroina, satria tsy kely lalana ny ratsy.

Ny tena loza, mifampindrana seringue izy ireo ary mitarika zava-doza hafa indray izany, indrindra raha tsy hiresaka ankoatra ny VIH Sida isika. Antony iray mampirongatra ity aretina azo avy amin'ny firaisana ity ny tsindrona zavamahadomelina.

Ho an'izay ray aman-dreny na tanora misedra olana, azon'izy ireo atao ny mitady vonjy ary miditra ao amin'ny rohy https://ordrepsy.mg/ .

Nath

Tetikasa PAEB

# Misokatra ny antso tolobidy amin'ny fanamboarana ireo sekoly EPP 200



**Ireo tomponandraikitra amin'ny tetikasa PAEB nampahafantatra ny fizotran'ny asan'izy ireo.**

Amin'ny faritra 11, Cisco 20 no nofidin'ny tetikasa PAEB hanamboarana sekoly ambaratonga voalohany, na EPP. Vina ny hamitana sekoly 800 ka ny 400 amin'ireo no efa vita tamin'ny andiany voalohany. Nambaran'Atoa Raomba Jocelyn, tomponandraikitry ny fanorenana, fa efa misokatra ny antso tolobidy ka efitrano 200 sisa no amboarina amin'izao dingana manaraka izao. Fiaraha-miasan'ny fanjakana malagasy amin'ny fikambanana IDA sy ny PME no nahafahana nahazo famatsiambola mitentina 100,7 tapitrisa dolara hampiasain'ny PAEB, na “Projet d'appui a l'éducation de base”. Tsy trano fianarana ihany no namboarina fa vatsiana fitaovana sy rano fisotro madio ary toeram-pidiovana ireo sekoly amboarina rehetra ireo. Any amin'ireo toerana ambanivohitra, lavitra andriana ary tsy manana fotodrafitrasa no hanamboarana ireo tranontsekoly vaovao sy mendrika ireo. Anisan'ny mampiavaka ity tetikasa ity ihany koa ny fanomezana andraikitra ireo FEFFI, na “Farimbon'Ezaka ho an'ny Fampandrosoana ny Fanabeazana Ifotony”, ny fitantanana ny asa fanamboarana. Rehefa tomponandraikitra mantsy izy dia mahavita miaro ny fananana iombonana namboarina. Nojerena manokana ny zava-misy iainana ankehitriny ka nisy ny fanamboarana ny dosie antso tolobidy, satria lavitra sy ratsy lalana ny ankamaroan'ireo toerana ireo ka nohatsaraina ny fomba fitaterana ireo fitaovana, nohavaozina ihany koa ny vidin'entana ary namboarina ny fe-potoana hamitana ny asa rehefa hita ireo karazan'olana mety hosedraina amin'ny famitana ny asa.

Nath

Rotary Club Antananarivo Tsimbaroa

# Nanolotra fitaovana fitarafana roa ho an'ny vahoakan'Ampasipotsy

Olona manodidina ny 8 000 ao amin'ny kaominina Ampasimpotsy no misitraka ny fitaovam-pitsaboana fanaovana “echographie” roa avy amin'ny Rotary Club Antananarivo Tsimbaroa. Natolony mivantana ny fikambanana ASA, na Ankohonana Sahirana Arenina, any an-toerana izany ka nomena tobim-pahasalamana roa. Nahazo famatsiambola mitentina 37 000 USD avy amin'ny Rotary Club d'Orléans izy ireo nahafahana nanatanteraka izany tetikasa izany. Tsiahivina fa tafiditra ao anatin'ny asa mikasika ny fahasalaman'ny reny sy ny zaza iandraiketan'ny Rotary International ilay izy. Eo anoloan'izany asa sosialy izany, azo antoka fa mihena ny karazan-doza mety hitranga mifandraika amin' ny fitondrana vohoka na fahasalaman'ny vehivavy amin'ny ankapobeny. Iarahamahalala mantsy fa misy ireo olona monina amin'ny toerana lavitra sy misedra olana maro vao tonga eny amin'ny tobim-pahasalamana. Nahazo fiofanana teny anivon'ny hopitaly teto Antananarivo ireo mpiasan' ny fahasalamana hiandraikitra izany mba hahafahana manatsara ny tolotra arapahasalamana. Tsiahivina fa fianakaviana sahirana 300 isa niaina teny amorondalana no noraisin'ny fikambanana ASA an-tanana ary nomeny fanofanana sy fahaizana mitady vola mba hiverenan'izy ireo eny anivon'ny fiarahamonina indray.



**Betsaka ireo olana mety hosedraina mandritra ny fitondrana vohoka sy ny fiterahana no ho voasoroka noho ireto fitaovana ireto.**

Nath

Aika

# Tanjona ny hitondra ny feon'ny tanora

Mivondrona anaty fikambanana lehibe iray antsoina hoe Aika ny tanora manerana ny faritra 23. Ireo delegasiona 11 nandeha tany amin'ny Cop 27 sy Cop 15 no niaraka nikaondoha nanangana izay rafitra izay. Tanjon'izy ireo ny hitondra ny feon'ny tanora manerana ny Nosy sy manerana an'izao tontolo izao. Hanampy ireo tanora efa anaty fikambanana na ao anatin'ny tontolon'ny asa izy ireo mba hitondra anjara biriky amin'ny fanatsarana ny tontolo iainana eto amintsika. Iaraha-mahita tokoa mantsy fa potika ny harena voajanahary eto ary voasokajy ho isan'ny firenena marefo eo anoloan'ny fiovan'ny toetrandro i Madagasikara. Mba hahafahan'ireo taranaka fara sy dimby misitraka izao harena voajanahary izao, mila mandray andraikitra ny tanora amin'ny fikajiana azy io. Arenina ireo lesoka mbola misy ka anisan'izany ny tsy fahatongavan'ny vaovao sy izay zavatra azo atao eny am-pototsofin'ny tanora, hataon'ny Aika izay hanovana izany toe-javatra izany. Hampifandray ny tanora amin'ireo mpanapa-kevitra na mpitantana orinasa ihany koa no tanjony ary hitondra adisisika amin'ny fitondrana ny feon'ny tanora amin'ny lafiny rehetra. Hatramin'ny nisian'ny Cop tokoa mantsy, tamin'ny taon-dasa vao hita taratra ny hamaroan'ireo tanora tonga nanatrika fivoriam-be any ivelany ary tokony hisy akony eto amintsika izany amin'ny alalan'ny asa atao.

Nath

Fanabeazam-pirenena

# Tsy mahavaha ny olan'ny mpampianatra ireo sendika

*Niray hina nanangana ny sendika SESM ireo mpampianatra.*



**Nampahafantarina tamin'ny fomba ofisialy ny fijoroan'ny SESM (Syndicat des Enseignants pour la Solidarité à Madagascar).**

Nijoro hiaro ny tombotsoany ireo mpampianatra eo anivon' ny Minisiteran'ny Fanabeazam-Pirenena. *"Raha tsy laharana voalohany dia faharoa ny Minisiteran'ny Fanabeazam-Pirenena amin'ny fananana sendika be indrindra. Mahatsapa anefa izahay mpampianatra fa ohatra ny voazarazara manoloana ny fisian' ireo sendika marobe, satria misy ny miandraikitra ny FRAM fotsiny, ny mpiasam-panjaka fotsiny, ny CRINFP, sns. Mba tsy hahatonga anay ho vatolampy taingenam-borona fotsiny dia nanapa-kevitra izahay ny hiray hina ary nanangana ny SESM (Syndicat des Enseignants pour la Solidarité à Madagascar), izay najoron' ny mpampianatra ho an'ny mpampianatra."*, hoy Andrianaivo Mahefason, filohan'ny SESM. Nampahafantarina tamin'ny alakamisy lasa teo teny Andrefan'Ambohijanahary ny fijoroan'ny SESM ara-panjakana. Misokatra ho an'ireo mpampianatra sy mpanabe ary ireo mpisehatra ao anatin'ny asa fanabeazana eo anivon'ny minisitera ity sendika ity.

**14 000 Ariary**

Mahatsiaro ho latsa-danja mitaha amin'ireo mpiasam-panjakana hafa ireo mpampianatra. *"Tsy mitovy amin' ireo mpiasam-panjakana hafa izahay fa misy fahatarana hatrany na eo amin' ny lafiny tambinkarama na eo amin'ny lafiny fanomezankasina ny asa. Efa manana minisitera mpiahy izahay kanefa mbola misy olona mijabaka amin'ny fanendrana sy ny famindran-toerana ihany. Mbola 14 000 Ariary ny tambinkarama omena ny mpampianatra ho solon'ny fanofana trano kanefa ny an'ny mpiasam-panjakana hafa efa misy mahatratra 200 000 Ariary. Matimaty foana izahay noho ny tsy fandriam-pahalemana, indrindra fa ireo miasa any amin'ny faritra lavitra. Ny fari-piainanay mpampianatra anefa tsy dia ambony loatra. Ny vinan'ity sendika ity dia hametraka ny firaisankina feno ato anatin'ny sehatry ny fanabeazana. Tsy misy vina azo tanterahina anefa raha mbola ao anatin' ny fisamantsamahana ary rehefa vita izany dia hiroso amin'ny fametrahana ny toeran'ny mpanabe eto amin'ny firenena, satria ny fanabeazana no antoky ny fampandrosoana. Eny fa na ny tsy fandriam-pahalemana aza dia azo vahana ao anatin'ny fanabeazana."*, hoy hatrany ny filohan'ny SESM. Hiroso amin'ny fametrahana ny rantsamangaika any amin'ny faritra manerana ny Nosy ity sendika ity.

**R. Muray**

Dr Alexis Rabemananjara

# Miantso fampandrosoana ho an'i Toliara



**Nitondra ny fomba fijeriny amin'ny fampandrosoana an'i Toliara sy ny faritra Atsimo Andrefana manontolo ny Dr Alexis Rabemananjara.**

Maro ireo sakantsakana amin'ny fampandrosoana ao Toliara. Manoloana izany indrindra, nanao antso ho fampandrosoana an'i Toliara sy ny faritra Atsimo Andrefana manontolo ny Dr Alexis Rabemananjara, izay tsy zovina amin'ny maro, satria dokotera matihanina amin'ny fitsaboana ankizy efa misotro ronono sy sojaben'ireo mpandraharaha ara-toekarena any an-toerana. *"Efa fotoana tokony hanovana ny fomba fijery izao. Tokony hiaina amin'ny fitrandrahana ny harena ao aminy sy ny fampandrosoana entiny i Toliara mba hiteraka famoronankarena eny ifotony. Misisika mafy aho amin'ny maha maika ny fampiasana ireo harena misy eto amin'ny faritra sy ny hanodinana azy ireo mba hiteraka famoronan-karena. Ny avy aty amin'ny sehatra tsy miankina no lalana hahatongavana amin'izany. Lasa tsy mitodika aty amin'ny faritra niaviany ireo mpianatry ny oniversite sy ireo manampahaizana noho ny tsy fisian'ny zavatra azony atao. Mila resena lahatra bebe kokoa ireo tanora."*, hoy ny Dr Alexis Rabemananjara. Resy lahatra koa ity mpandraharaha ity amin'ny tetikasa fitrandrahana fasimainty ao Ranobe, distrikan'i Toliara II, noho ny fahitany ny traikefa efa niainana tamin'ny QMM ao Tolagnaro. Nohamafisiny fa hitondra tombotsoa goavana ho an'ny mponina sy ny faritra manontolo ary ny firenena ny fisian'ity tetikasa ao Ranobe ity. *"Ny tetikasa toy itony dia mila fampiasam-bola govana, ary raha ny hevitro dia tsy misy tokony handrasana intsony, satria efa eto ireo mpampiasa vola."*, hoy hatrany ny Dr Alexis Rabemananjara. Na izany aza, maro koa ireo harena tokony hotrandrahina ao amin'ny faritra Atsimo Andrefana, araka ny nambaran'ity manam-pahaizana ity, toy ny "Charbon de terre", ny enton'i Mahaboboko ao Sakaraha sy Vatolatsaka, ary ny fanatsarana ny fitrandrahana Safira sy "Labradorite" ao amin'ny faritra. Amin'ny maha mpandraharaha amin'ny sehatry ny fambolena azy koa dia notsipihiny ny filàna fampiasam-bola goavana eo amin'ity sehapihariana ity, toy ny fametrahana fotodrafitrasa famatsiana rano sy ny fanomezena velaran-tany malalaka ho an'ny fambolena.

**R. Muray**

Fitovinany

# Tokantrano 650 nizarana vatsy tsinjo



**Tia mifampitankosina amin'ny vahoaka hatrany ny Minisitra Soafilira Princia.**

Namita iraka tany amin'ny faritra Fitovinany ny minisitry ny mponina sy ny fiahiana ara-tsôsialy ary ny fampivoarana ny vehivavy, Soafilira Princia. Natolony niaraka tamin'ny tale jeneralin'ny BNGRC (Bureau National de Gestion des Risques et des Catastrophes), Jly Elack Olivier Andriakaja, ho an'ireo tokantrano marefo miisa 650 tao amin'ny kaominina Namorona, tamin'ny alakamisy lasa teo, ny vatsy tsinjo avy amin'ny fitondram-panjakana. Amin'ny maha minisitra misahasana ny mponina sy ny fiahiana sôsialy ary ny fampivoarana ny vehivavy azy dia tsy diso anjara tamin'ny fahatongavany tany an-toerana ireo vehivavy mivondrona ao anatin'ny fikambanana Viavy Miavotse, satria notoloran'ny lelavola mba hanohanana ny asa aman-draharahan' ireto farany andavanandro sy hoentin'ny fikambanana mampivoatra ny fiainan'ireo vehivavy mpikambana sy ireo vehivavy namany. Notanterahina tamin'io fotoana io koa ny famangina araka ny fomba malagasy ho an'ireo mponina tany an-toerana araka ny iraka nampanaovin'ny Filohampirenena, izay natrehin'ireo manam-pahefana sivily sy miaramila tao an-toerana.

**R. Muray**

Fanaratsiana ny FITRAMA

# Nampitandrina an'i Kohen Rivolala Ing Jean Nirina Rafanomezantsoa



**Ing Jean Nirina Rafanomezantsoa, Filoha mpanorina ny FITRAMA.**

Manoloana ny fahesik' i Kohen Rivolala, nanaratsy ny FITRAMA tany anaty haino aman-jery iray. Nahitsy Ing Jean Nirina Rafanomezantsoa, Filoha mpanorina an' ity orinasa mpitsabo malagasy ity raha nilaza fa "*Orinasa mandoa patanty, mahaleo tena ary mijoro ara-dalàna ny FITRAMA ka tsy hitako izay hidirany*". Nomarihiny fa mbola tsy niresaka ny "Kabal" sy ny "Ctic Tac Dou" ataon'i Kohen Rivolala mihitsy izy ireo hatramin'izay, kanefa, inona no hanaratsian'ity farany ny FITRAMA. Noraisin'Ing Jean Nirina ho fihantsiana ny zavatra nataon'i Kohen Rivolala ka nampitandrina an'ity farany izy mba tsy hikitikitika ny FITRAMA. Na izany aza dia nampanontany tena an'Ing Jean Nirina ihany koa hoe : "*Resaka finoana marina moa sa fitsaboana no ataon' i Kohen Rivolala ? Raha fiangonana, maninona no atao anatin'ny fitadiavam-bola mihoapampana ? Raha "kabal" no ampiasainy, naninona izy no tsy lany depiote tamin'ny nilatsaka hofidiana, sa tsy nandaitra ilay kabal ? Milaza izy fa mamaha olana ara-tokantrano, iza no tsy mahalala fiainam-panambadiany...?*". Misy fetrany ny zavatra rehetra, hoy ny filoha mpanorina ny FITRAMA ary samy manana ny finoany sy andraikiny ka tsy tokony hifanitsaka.

**Niry R.**

Tsiroanomandidy

# Nametrahana ozinina mpamokatra menaka

Hamokatra menaka ny distrikan'i Tsiroanomandidy, faritra Bongolava. Napetraka tamin'ny alakamisy lasa teo ny ozinina mpamokatra menaka ao amin'ity distrika ity. Tonga nanatitra ny fitaovana tany an-toerana ny minisitry ny fampiroboroboana ny indostria sy ny varotra ary ny fanjifana, Edgard Razafindravahy. Mahavita manodina voanjo 400 kilao isan'ora sy mamokatra menaka 10 ka hatramin'ny 25 tavoahangy isaky ny minitra ity ozinina ity. Hosokafana ho an'ireo mpandraharaha any an-toerana ny antso fahalinana amin'ny fitantanana ny indostria famokarana menaka ao Tsiroanomandidy. Hatao ao anatin'ny fifanaraham-pitantanana ny fandraisana ny voanjon'ireo tantsaha mivondrona ao anatin'ny kaoperativa. Tsiahivina fa miisa 75 ireo ozinina hapetraky ny fanjakana ao anatin'ny tetikasa "Taninketsa indostrialy" ho fanatanterahana ny fametrahana orinasa isaky ny distrika manerana ny Nosy. Nohamafisin'ny minisitra Edgard Razafindravahy fa hoentina mamaly ny filàn'ny mponina amin'ny famatsiana ireo entana ilaina andavanandro, na ny PPN, ny fanatanterahana an'ity tetikasa ity. Natolotry ny fanjakana ho an'ireo mpamboly tao Tsiroanomandidy tamin'io fotoana io koa ny zezika "Sulfate d'ammonium" avy amin'ny orinasa Ambatovy. Nohararaotina tamin'ny fandalovan'ny Minisitra tany an-toerana koa ny fametrahana ireo mpikambana maharitra vaovaon'ny Antenimieran'ny varotra sy ny indostria ao Bongolava.

**R. Muray**